


FANONTANIANA SY VALINY

HEBREO FIZARANA I

 Ahoana no ahafahany hanao an'izany raha tsy misy an'Andriamanitra? Ho tena anankiray mihitsy izany, sa tsy izany? Tsy mety ho vita izany raha tsy misy ny Tompo.

Tsy hitory azy rehetra ireo aho. Saingy nihevitra aho fa mety hibata zavatra somary mavesatra, fantatrareo, noho izany dia tsaratsara kokoa ho ahy ny niomana. Fa, oh, ilay izy dia tena, tena maivana. Noho izany dia tsy nisy fanontaniana maro teo anivon'ny olona arak'izany, fanontaniana tena tsotra sy maivana ilay izy. Eny, faly aho ny hiezaka hamaly azy ireo amin'ny tsara indrindra izay vitako, nohon'ny fanampian'ny Tompo.

² Ary raha ato Ranabavy Arganbright izao hariva izao... Ranabavy Ruth. Eto ve ianao, Ranabavy Ruth? Io eto io. Ananako ilay... Oh, eny, ananako ilay adiresy eto, ary... Tsia, tsy ananako. Eny, afaka mahazo azy avy hatrany aho eto. Nanana azy tao anatin'ny poketrako aho, fa navelako any an-trano ilay poketrako. Ankehitriny, raha tratran'ny polisy aho rehefa mody any an-trano, Rahalahy Fleeman, dia tongava ianao hanampy ahy. Teneno i Billy fa izaho dia... nanadino ny poketrako any an-trano, mamily fiara tsy misy fahazoan-dalana aho izao hariva izao. Fa nihevitra aho hoe nanana azy tao anatin'ny poketrako; nisolo akanjo fotsiny aho. Niditra haingana aho, aninkeo tolakandro, nanapaka ahitra vitsivitsy haingana mihitsy ary tsy maintsy nijanona ka nandeha haingana sy niditra, nisolo akanjo ary nandeha haingana teto. Ary izaho—nentiko ilay leksika, saingy afaka hahazo an'izany mihitsy ianao rehefa avy mivoaka eto.

³ Aza malahelo mikasika an'io *taratasy* io. Na dia tsy mbola nahazo anankiray ratsy lavitra noho io aza aho, dia ho taratasy tsara iray izany. Tsara izany. Izany dia tena, tena tsara. Efa niteny taminao aho fa tsy hamaky azy, saingy nijery kely teo amin'ilay izy aho, fantatrao, ka tsy afaka nihazona azy ela intsony. Nanontany fotsiny aho hoe inona no nolazainao. Ary ilay izy dia tena, tena tsara, voasoratra tahaka ny tokony ho soratan'ny tena mpampianatra iray. Tsara izany, ary mankasitraka an'izany aho. Ary izany—izany dia manome anao...

⁴ Hitanareo, izaho dia tia an'ireo taratastin'ny olona izay tsy—tsy mifanaraka kely aminareo. Hitanareo, raha mandeha foana ianareo isan'andro, ka tsy misy olona tsy mifanaraka aminareo, dia lasa maina ianareo. Tokony hanana tsy fifanarahana kely

ianareo mba ahafahanareo mahazo sy mandalina. Ary—ary tafiditra ao anaty fahazarana iray ianareo raha tsy mitandrina; avy eo—avy eo dia tafiditra ao anatin'ny olona ianareo rehefa manao an'izany. Tsy maintsy somary manohy mandroso mihitsy ianareo ary manana olona iray mba tsy hifanaraka aminareo sy manasavoritaka matetitika ny volom-boronareo.

⁵ Tany Afrika tany aho dia nahita liona kely anankiroa, ary biby bitika kely izy ireo, saiky tahaka an'izao. Liona mipentimpentina, kely, bitika; liona kely iray, zana-diona kely iray. Ary ankehitriny, tahaka ny zana-tsaka izy ireo, tena kely tahaka an'izany izy ireo, kely. . . zavatra kely tsara tarehy, nilalao fotsiny izy ireo. Ary saika hamerina azy ireo aty Amerika aho, nataoko tao anatin'ny tranom-borona izy ireo. Saika hamerina azy ireo aho, saingy tsy nety nahita na—na inona na inona hanindronana azy ireo, vaksiny iray. Ary tsy namela ahy hitondra azy ireo tao Etazonia izy ireo raha tsy efa voatsindrona aloha, nefa tsy afaka nahita an'izany aho tany Afrika manontolo. Fa raha tianareo ny hahafantatra na liona iray izy na tsia, dia kapohy kely fotsiny ny aoriany. Hivonona hiady izy ka hamela anareo hahafantatra fa liona iray izy, koa—koa izany no somary mampahafantatra anareo hoe aiza izy no mijoro.

⁶ Tahaka an'izany no tokony ataonareo matetika, fantatrareo, somary manasavoritaka an'ireo volom-borona mankany aoriana, mba hahita. Fa, ankehitriny, tsy tezitra tahaka ny liona isika; isika fotsiny dia tia an'izany mihitsy, mba. . . mba hametrahan'ny olona fanontaniana. Ary ny fanontaniana tahaka an'izany, Ranabavy Ruth, dia tena, tena tsara amiko. Izany dia. . . izaho—tiako izany, hitanao. Ireo karazana tena ratsy fanahy no halako ho azo. Fa izy ireo dia. . . tsara izany.

⁷ Ankehitriny dia manana fanontaniana sasantsasany tsara isika, mampiantanentana, avy eto an-toerana fotsiny. Misy mpitory teny iray iry aoriana iry ao amin'ny efitra aoriana vao teo, nanontany ahy, nanao hoe, “Ireo mpaminany roa an'ny Apokalypsy 11, ho tonga alohan'ny Fampakarana ve izy ireo? Sa alohan'ny anesorana ny Isiraely mihitsy? Ary inona. . .” Ankehitriny, izany ireo karazana fanontaniana izay—izay—izay mampihodinkodina anareo. Fa mety tsara ireo fanontaniana tsotra tahaka an'izany.

Fa ankehitriny, alohan'ny hanombohantsika, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika ho an'ny vavaka:

⁸ Ray, voalaza fa fony Ianao roa ambin'ny folo taona, dia hita tao an-Tempoly Ianao niaraka tamin'ireo mpanora-dalàna sy ireo olon-kendry, nandinika ny Soratra niaraka tamin'izy ireo. Ary izy ireo dia—talanjona izy ireo tamin'ny. . . ireo lehilahy antitra, sy tsara hofana tao amin'ny Soratra, kanefa nahita Zazalahy kely iray teo amin'ny roa ambin'ny folo taona afaka mihitsy—nampikorontana mihitsy, tamin'ny fanazavana

ny Soratra. Nanao ny asan'Ny Rainao Ianao. Hoy Ianao tamin'ny Reninao hoe, "Tsy fantatrao ve fa tsy maintsy manao ny asan'Ny Raiko Aho?" mba hanazava ny Soratra amin'ireo dikany ara-panahy.

⁹ Ary mivavaka izahay ankehitriny, Tompo, fa—fa Ianao no mahafantatra hoe malemy sy mora simba toy ny ahoana izahay, ary olona eo ambanin'ny fahadisoana toy ny ahoana izahay, ka aoka Ianao ho tonga fotsiny miaraka aminay izao hariva izao ao amin'ny endrika Fanahy Masina, ka hanazava aminay ny Soratra. Miandry sy miankina Aminao aho. Ary raha sendra aho, amin'ny fotoana rehetra, ka miezaka mametraka ny fisainako manokana na ny fandikana na zavatra tia tena iray, miezaka manao azy toy ny hoe marina ny fomba nanazavako azy, dia akombõny ny vavako, Tompo, tahaka ny Hataonao. . . Nataonao tamin'ireo liona, rehefa nanenjika an'i Daniela izy ireo. Mbola ilay Andriamanitra tsy miova foana Ianao.

¹⁰ Ary aoka ilay izy ho manontolo. . . Raha miankina amin'ny Fanahy Masina izahay, dia enga anie Izy hanambara fotsiny aminay an'ireo zavatra ireo. Ary avy eo rehefa miresaka an'ireo Izy, dia hanao azy ireo tena hazava ka ho afaka handray Azy ilay anankiray izay nametraka ny fanontaniana. Ary raha mamaly mifanohitra amin'izay efa ninoako foana Izy, amin'izay fotoana izay dia aoka hifaly koa ny foko, Tompo, mba hahafantatra fa nahita zavatra iray vaovao aho, ary fomba tsara iray an'ny Tompo. Satria hoy Ianao hoe, "Zahao ny Soratra, fa ao Aminy no heverinareo fa ahazoanareo Fiainana Mandrakizay, ary Ireo no Hany manambara Ahy."

¹¹ Ankehitriny, aorian'ity fampianaran'ny Soratra ity, dia mety hamoha fisainana maro tokoa sy ny sisa izy. Ka mivavaka aho, Andriamanitra, fa ireto fanontaniana rehetra ireto ankehitriny dia toa napetraka tena tamin'ny fahamoram-panahy sy fahalemem-panahy, dia enga anie ny Fanahy Masina no hamaly azy ireo amin'ny fahamoram-panahy sy fahalemem-panahy. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay, ary ho an'ny voninahitr'Andriamanitra, sy ny fampaherezana Ny Fianganany. Amena.

¹² Matetika dia misy fotoana izay ireo antony tia tena ho an'ny zavatra iray, no manimba fotsiny an'ilay izy manontolo. Ary ankehitriny, dia nipetraka ireo fanontaniana arak'ity Soratra ity.

¹³ Ankehitriny, raha misiotsioka kely aho izao hariva izao, dia manana nify iray banga aho. Ary raha napetrako ilay izy, dia tsy afaka mitory teny aho, lasa miadana aho rehefa mitory teny; raha esoriko ilay izy, dia saiky misioka aho.

¹⁴ Rtoa. Billy Graham dia nilaza tantara iray mikasika ny vadiny, hoe ny nampikorontana azy indrindra izay hany nahitany azy, dia, nanana nify iray banga izy teo anoloana. Ary

veriny izany, nefa izy nanana fandaharan'ny televiziona iray teo no ho eo, ary—ary tsy afaka izy. . . Teo amin'ny solonify iray izany niaraka tamin'ireo nify vitsivitsy tany aoriana. Ary rehefa manomboka miresaka izy, dia nisioka izy hoe “fioo, fioo” teo amin'ny nifiny. Dia nilaza izy fa nandohalika izy, nivavaka sy tsemboka, folo minitra talohan'ilay fandaharan'ny televiziona, ary farany dia hitan'izy ireo ilay izy latsaka avy tao amin'ny patalohany nankao amin'ny vodikirarony. Ny iray tamin'ireo mpiasan'ny hotely no nahita an'ilay izy, io solonify io. Ary Rtoa. Graham no niteny an'izany mikasika azy, ary teto. Ary noho izany dia manana an'izany ao amin'ny silan-taratasy kely iray aho, heveriko fa manana an'izany mihitsy aho ato anatin'ny Baiboliko.

¹⁵ Ary noho izany ilay izy dia karazan'ny. . . rehefa miha-antitra kely sy nohalemen'ny taona isika, fantatrareo, ka tsy maintsy mahavery an'ireo, dia izany no manao an'ilay izy ho ratsy. Ary noho izany aho. . . raha mbola niaraka tamin-dRahalahy Roberson iry aoriana iry aho, ary izy ireo, dia nivorosy azy ireo aho indray maraina ka nahavaky silany iray tamin'izany, ary tsy maintsy nentiko tany amin'ny dokotera ilay izy, mba hanamboarana azy. Noho izany dia ny Tompo anie hanampy ny Fitahiany.

¹⁶ Ankehitriny isika dia, ankehitriny, hiezaka aho ny hahavita ny tsirairay avy amin'izy ireo, raha vitako. Ary, Rahalahy Tony, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, azoko ny fandikana ny nofinao, ary nahafinaritra izany. Tena faly aho nahita an'izany. Fandikana tsara iray izany, izay ataoko fa tsy tokony hanome an'izany ampahibemaso eto aho, noho izany dia homeko anao manokana izany raha ianao—raha ianao tsy. . . raha tahaka an'izany no itiavanao azy. Nanontany ahy izy indray hariva, nahazo nofy iray izy, ary tsy afaka niteny taminy marina aho hoe inona ilay izy mandra-panatonako ny Tompo ka nivavaka ny amin'izany. Avy eo dia ny Tompo no nanambara an'izany tamiko ary niteny tamiko hoe inona no dikany. Mahafinaritra ilay izy, ary vaovao tsara ho anao, Rahalahy Tony.

¹⁷ Ankehitriny, ao amin'ilay fanontaniana voalohany. Ankehitriny, tsy fantatro fotsiny hoe aiza no hanombohana voalohany, satria tsara daholo izy rehetra. Saingy, ankehitriny, dia hiezaka isika ny tsy haka ela be, ary angamba afaka manapitra azy ireo isika amin'ny Alahady, raha tsy vitantsika izy ireo.

51. Azavao ny dikan'ny hoe “fampijaliana mandrakizay,” ao amin'ny Matio 25:46. “Fa ny. . .” Izay ilay fanontaniana.

52. Avy eo, ny fanontaniana faharoa: “Fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amin'ny maizina any ivelany,” saiky mitovy amin'ilay fanariana azy ireo any ivelan'ny fisainan'Andriamanitra ihany ve izany?

¹⁸ Eny, ankehitriny, raiso ny fanontanianareo voalohany, izay hita ao amin'ny Masindahy Matio, ny roapolo- . . . ny toko faha-25. Ankehitriny isika dia . . . Ankehitriny, tsy mbola nandinika azy ireto aho, nijery azy ireo fotsiny tao ambadika tao, ary niezaka ny tsara indrindrako mba hijery azy ireo amin'ny tsara indrindra izay izaho—izay fantatro hoe ahoana. Ary ny . . . Mamadiha miaraka amiko ianareo ao amin'ny Baibolinareo, raha mandinika an'Izany isika. Ankehitriny, tiako ny hamoaka an'ity avy ao amin'ny leksika Grika ihany koa, mba hanananareo an'ilay—ilay tany am-boalohany an'izany. Ary izaho—tiako izany. Koa noho izany dia hanana an'Izany isika ao amin'ilay—ao amin'ilay—ao amin'ilay Grika sy ilay hafa. Ary ankehitriny ity dia ho—ho karazan'ny miadana, ary fianarana, satria tsy maintsy maka aho ary mandramby an'ireo Soratra na aiza na aiza mety hahitako azy ireo fotsiny, ary mametraka azy ireo eo amin'ny toerany. Eny àry.

¹⁹ Ankehitriny, misy olona mila Baiboly iray ve ianarana? Raha mila ianareo, dia atsangano ny tãananareo. Ary izahay . . . Heveriko fa manana telo na efatra izahay eto aoriana eto. Raha te-hianatra amin'ny alàlan'ny Soratra ianareo, dia mety tsara. Rahalahy Cox, ho avy eto ve ianao ka haka an'ireo Baiboly ireo ho ahy? Ary izany—tsara ho anareo izany, raha afaka ianareo, ny . . . (misy anankiray, ary ianao fotsiny—alaivo fotsiny izy ireo raha mila ianao, io rehetra io). Ary ny olona iray izay mila anankiray, dia atsangano fotsiny ny tãananareo, hitondra azy ireo ho anareo avy hatrany ilay tovolahy, hitanareo. Ary tiantsika ny hianatra an'ireto miaraka, ary izao fotsiny . . .

²⁰ Ankehitriny, eo amin'ity famakiana ity sy ireo toko farany . . . ireo toko fito voalohany an'ny Bokin'ny Hebreo. Taorian'ny fampianarana, mazava ho azy, ilay tovolahy izay nandray naoty an'ireo, ireo lohahevitra ireo, Rahalahy Mercier sy Rahalahy Goad, dia manana azy ireo ary miomana ankehitriny ny hamoaka azy ireo amin'ny endrika boky. Ary manana an'izany izy ireo. Ankehitriny . . . fa tsy nahabango ny antsasany akory aza isika, nikaoka ny amboniny fotsiny isika. Ary heveriko fa nafomeziny izy ireo . . . ary naka an'ireo—ireo vaingana avy tao amin'ilay . . . ary nampamiratra fotsiny an'ireo vaingana, vaingana vitsy fotsiny an'ireo fampianarana ny Hebreo. Hanana azy ireo tsy ho ela Rahalahy Mercier, amin'ny printy, ho an'ny olona izay mila azy ireo.

²¹ Ankehitriny ity eto ity, izany dia mitondra ao . . . Tsy afaka mahavita fotsiny ianareo . . . ao amin'ny fiangonana ara-pilazantsara, satria fiangonana ara-pilazantsara iray ity. Ianareo tsy afaka mahavita fa—fampianarana iray raha tsy mamoha an'ireo fisalasalana sy fisainana avy amin'ny olona maro. Tsy maintsy mamoha ianareo. Ankehitriny, izaho dia lavitry ny ho mpampianatra iray, tsy mpanazava Baiboly iray mihitsy. Fa tsy miezaka mihitsy aho ny—ny milaza zavatra

iray, na manao zavatra iray akory aza, raha tsy voalohany—manontany aloha na mahita ny zavatra tsara indrindrako ho an'izany.

²² Rahalahy malala iray no nanontany ahy, omaly hariva, hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, Rahalahy Seward indray mandeha dia nilaza fa ianao—tsy afaka manapaingotra anao na aiza na aiza mihitsy ianao. Hitanao, hoe ianao dia manana lâlana iray ivoahana amin'ilay izy foana na ialàna amin'ilay izy.”

²³ Hoy aho hoe, “Eny, ny anton'izany, dia miezaka mieritreritra foana aho alohan'ny hanaovako zavatra iray. Hitanao? Ary avy eo raha manontany ahy ny olona, amin'izay fotoana izay dia afaka miteny amin'izy ireo aho hoe inona ireo eritreritro. Hitanao?” Fa ilay izy dia raha mieritreritra tsara ianareo. Ary alohan'ny hanaovanareo zavatra iray, dia miezaha maka an'ilay lafiny izay asain'Andriamanitra alainareo, amin'izay fotoana izay dia tena ho sarotra marina tokoa ny ho voapaingotra.

²⁴ Azonareo eritreretina ve ilay fotoana izay—izay niezahan'i Ahaba nanapaingotra an'i Elia. Azonareo eritreretina ve ilay fotoana izay niezahan'ireo Fariseo nanapaingotra an'i Jesosy? Hitanareo, Izy dia—Izy dia nanana an'ilay valiny haingana, satria ny zavatra rehetra izay Nataony, dia Nataony tamin'ny alàlan'ny sitrapon'Andriamanitra, ary Izy... tahaka an'izany Izy—Nahafahany nahavita an'ilay izy. Ankehitriny, tahaka an'izany no ilaintsika ny amin'ity.

Ankehitriny dia napetraka ny fanontaniana, hifantoka amin'ilay fanontaniana isika:

Azavao ny dikan'ny hoe “fampijaliana mandrakizay,” ao amin'ny Matio 25:46.

²⁵ Henoy tsara ankehitriny. Ny olona rehetra ankehitriny, Matio 25:46:

Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay: . . .

²⁶ Ankehitriny, ilay fanontaniana dia hoe, “Inona... Azavao...” Ankehitriny ny teny hoe *mandrakizay* [everlasting] dia avy amin'ny teny hoe “hatrany sy hatrany,” ary ny *mandrakizay* [forever] dia “elanelam-potoana iray.” Izany dia midika fotsiny ihany hoe “fotoana izao,” toy ny hoe *mandrakizay*. [forever.] Ankehitriny raha hamaky fotsiny ianareo... Tsy fantatro izay nanoratra an'ireo fanontaniana, satria tsy nisy olona nametraka ny anarany teo amin'izy ireo; tsy voatery izany, tsy ilaiko izy ireo, hitanareo.

Fa ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay: . . . (Diniho ankehitriny, izany dia ny ratsy fanahy.)

²⁷ Ankehitriny, ry malala—ry olona malala izay nametraka an'ilay fanontaniana, vakio fotsiny ilay sisa amin'Izany hoe:

...fa ny marina mankany amin'ny fiainana mandrakizay.

²⁸ Ny ratsy fanahy dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay (elanelam-potoana anankiray), fa ny marina dia manana Fiainana Mandrakizay. Tsy hahita fampijaliana Mandrakizay mihitsy ianareo, tsy azo atao. Hitanareo, raha manana fampijaliana Mandrakizay [Eternal] izy ireo, dia manana Fiainana Mandrakizay; raha manana Fiainana Mandrakizay izy ireo, dia voavonjy. Hitanareo, tsy azo atao izany. Raha handinika ianareo ankehitriny, ilay—ilay fanontaniana dia nanontany ny tenany...namaly ny tenany. Hitanareo?

Ary ireo...

Diniho ankehitriny, ny eto aloha eto no halaiko:

...ary izy ireo...

²⁹ Ao amin'ny faha-20...andiny faha-44:

...ary izy ireo koa dia namaly, nanao Taminy hoe, Tompo, oviana izahay no ho noana, oviana no nangetaheta, sy vahiny iray, sy nitanjaka, ...ary tao antranomaizina, ka tsy nanompo anao?

Avy eo dia—avy eo dia hamaly azy ireo izy, hanao hoe, Lazaiko aminareo marina tokoa, Arak'izay nanaovanareo an'izany...tamin'ny iray amin'ireo madinika kely ireo, no nanaovanareo an'izany...ho ahy.

Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay (mandrakizay) [(everlasting)]: (izany dia ny ratsy fanahy)...fa ny marina ho any amin'ny Fiainana Mandrakizay. [Eternal.]

³⁰ Hitanareo ve ilay fahasamihafana? Ny ratsy fanahy no manana fampijaliana mandrakizay, saingy ny *mandrakizay [everlasting]* dia “elanelam-potoana iray.” Ankehitriny, raha iray ihany izany, dia ho toy izao no nanoratana azy hoe, “Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay, [everlasting,] ilay hafa dia hiala ho any amin'ny fiainana mandrakizay.” [everlasting.] Hitanareo? Na “Ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana Mandrakizay, [Eternal,] ary ilay anankiray hafa ho any amin'ny Fiainana Mandrakizay.” [Eternal.] Hitanareo, raha misy fampijaliana Mandrakizay [Eternal] iray, mba hanasaziana mandrakizay [forever] sy hatrizay, amin'izay fotoana izay dia misy Mandrakizay [Eternal] iray...manana Fiainana Mandrakizay [Eternal] izy; ary ny Fiainana Mandrakizay tokana ihany, dia avy amin'Andriamanitra izany. Ny zavatra rehetra tsy manana fiandohana iray dia tsy manana fiafarana, ny zavatra rehetra

manana fiandohana iray dia manana fiafarana iray. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

³¹ Ankehitriny, ny Soratra Izy tenany izay ilay—novalian'ilay olona malala. . . Ankehitriny raha haka an'izany ao amin'ny leksika ianareo hoe, “*Ary ireo dia handroso hankany amin'ny ainion, nesorina, ary nankany amin'ny mandrak- . . . sy mankany amin'ny afo, ny farihy afo.*” Ankehitriny, ny teny hoe *a-i-n-i-o-n* dia midika hoe “elanelana fampijaliana iray.” Ao amin'ny leksika Grika, eto mihitsy dia, “elanelana fampijaliana,” na, “fotoan'ny fampijaliana.” Hitanareo, “Ireo dia handeha hiala ho any amin'ny fotoan'ny fampijaliana iray.” Ilay teny nampiasaina dia hoe, *a-i-n-i-o-n. Ainion*, izay midika hoe “Ireo fotoana, fotoana iray, fotoana voafetra iray.” Noho izany dia ento miverina izany ao amin'ilay—ao amin'ilay fandikana eto, ilay teny Anglisy, *mandrakizay [everlasting]* dia “fotoana voafetra iray.” Hitanareo, izany dia avy amin'ny teny Grika hoe, “fotoana voafetra iray.” Ny teny hoe *ainion*, na *a-i-n-i-o-n, ainion* dia midika hoe “fotoana voafetra iray an'ny fampijaliana.”

³² Fa avy eo dia vakio ireo hafa hoe, “Fa ireo dia handeha hankany amin'ny Mandrakizay.” [Eternal.] Izany dia hafa iray. Hitanareo, Fiainana Mandrakizay. *Mandrakizay [Eternal]* dia avy amin'ny teny hoe “Ny Mandrakizay,” [“Eternity,”] ary ny Mandrakizay [Eternity] dia tsy nanana na fiandohana na fiafarana. Izany dia mandrakizay *sy* mandrakizay. Ankehitriny dia tokony hahavaly an'io, hitanareo, satria raha hamaky tsara mihitsy ny Soratra fotsiny ianareo, dia hahita.

³³ “*Ary ireo dia hiala ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay, fa ny marina. . .*” Ny ratsy fanahy dia handeha ho any amin'ny fampijaliana mandrakizay, ho hampijaliana mandritry ny elanelam-potoana iray; angamba iray lavitrisa taona, tsy fantatro, fa ho hampijaliana tokoa ianareo nohon'ny fahotanareo. Fa azo antoka tahaka ny fahotana izay nanana fiandohana iray, no ananan'ny fahotana fiafarana iray. Ny fampijaliana dia nanana fiandohana iray, ary ny fampijaliana dia manana fiafarana iray. Ary ny helo dia noforonina ho an'ny devoly sy ireo anjeliny. Hitanareo? Eny àry. Ankehitriny, dia manana anankiray hafa aho eto ho valiana ao amin'izany, ao anatin'ny minitra vitsy fotsiny, izay anankiray tsara tarehy, mifatotra ao amin'izany.

Ankehitriny, fa ireto eto ireto: “**Fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amin'ny maizina any ivelany,**” saiky mitovy amin'ilay fanariana azy ireo any ivelan'ny fisainan'Andriamanitra ihany ve izany?

³⁴ Tsia, tsy hitovy izany. Ankehitriny, mitodika amin'ilay Sakafon'ny Mpanambady ianareo eto. Ankehitriny, “Ary ny zanaky ny fanjakana,” araka ny nanontaniana eto. Ny zanaky ny fanjakana dia ireo Jiosy, ary nariana any amin'ny maizina

any ivelany izy ireo. Ary izy ireo—izy ireo dia nariana tany amin'ny maizina tany ivelany, ary nandalo tao amin'ny fotoan'ny fitomaniana sy fidradradradrana ary fikotroha-nify. Nariana tany amin'ny maizina tany ivelany izy ireo satria izany no hanome ahy sy ianareo elanelana iray hibebahana, saingy tsy nariana tany ivelan'ny fisainan'Andriamanitra mihitsy izy ireo. Tsy hanadino an'Isiraely mihitsy Izy. Ary Isiraely, araka ny fantatry ny mpamaky Baiboly rehetra, no lazaina ho “zanaky ny fanjakana.” Hitanareo, ilay fanjakana izany, ilay teny fikasana. Amin'ny teny hafa, dia mifanaraka amin'ilay firenena Andriamanitra, rehefa nifanaraka tamin'ny Isiraely Izy, izay zanaky ny fanjakana.

³⁵ Ankehitriny, tsarovinareo, nilaza Izy eto hoe, “Ary Abrahama sy Isaka ary Jakoba,” tao amin'ny toerana iray, “dia ho avy ary hipetraka ao amin'ny fanjakana amin'ny andro farany.” Hitanareo, ary io Abrahama, Isaka ary Jakoba io dia ho ao amin'ny fanjakana; tao izy ireo, izy ireo no vahoakan'ny fitahian'ilay fanjakana. Fa ny zanaky ny fanjakana dia hariana any amin'ny maizina any ivelany.

³⁶ Ankehitriny, ny ihavian'ilay filazana eto dia ilay—dia ilay Mpampakatra. Rehefa tonga ny Mpampakatra, raha mbola izy ireo. . . Ny dimy tamin'ireo virijiny dia nivoaka hitsena ny Tompo, ary—ary tsy nitondra solika izy ireo tao anatin'ny fanilony. Ary ireo—ireo dimy hafa dia nitondra solika tao anatin'ny fanilony. Ankehitriny, raha hanamarika ianareo, dia sary iray tsara tarehy izany, sady ny Jiosy no Jentilisa, satria ilay nolavina. Hazòny ao an-tsaina izany, misy kilasin'olona telo foana isan'andro: Ny Jiosy, ny Jentilisa (ilay mpanara-pototra), . . . ; ny Jiosy, Jentilisa, ary ilay Fiangonana. Raha afangaronareo ireo, dia azo antoka fa ho tafiditra ao anatin'ny olana ianareo rehefa tonga ao amin'ny Apokalypsy. Satria ianareo raha tsy . . .

³⁷ Tahaka ny nolazain'Atoa. Bohanon tamiko indray mandeha, nanao hoe, “Billy, ny olona rehetra izay hanandrana hamaky ny Apokalypsy dia hanana nofy ratsy. Nahoana,” hoy izy, “ity ny Ampakarina iray eto an-tany eto, ary ilay—ilay dragona dia mamoa rano avy amin'ny vavany hanao ady aminy.” Dia hoy izy, “Noho izany ilay fotoana iray ihany izay hitsanganan'ilay Ampakarina dia ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy” (foto-pampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah) “eo amin'ny Tendrombohitra Sinay. Ary amin'ilay fotoana iray ihany dia any An-danitra ilay Ampakarina.” Tsia, tsia, diso ianareo.

³⁸ Misy ny kilasin'olona telo. Hitanareo, izany dia, ny Jiosy nolavina, ary misy an'ilay virijiny natory izay ny rano. . . Tsy ilay Taranaky ny vehivavy izany, izany ilay sisa nanamborana avy amin'ny Taranaky ny vehivavy izay namoahan'ilay dragona rano avy tao am-bavany. . . Apokalypsy 11. Ary noho izany, tokoa, ireo Jiosy efatra arivo amby efatra alina amby iray

hetsy dia tsy ny Ampakarina tanteraka tokoa, izy ireo no sisa nanamborana avy tamin'ny fiangonana Jiosy. Fa ny foto-pampianaran'ny Vavolombelon'i Jehovah izay mametraka azy ireo ho ny Ampakarina, dia tsy hitako hoe ahoana no ahafahanareo manao an'izany, satria, tsy ny Ampakarina izany.

³⁹ Raha hanamarika ianareo ao amin'ny Apokalypsy ao, dia Izao no voalaza hoe, “Ary virijiny izy ireo.” Ary ionoka izy ireo. Ary inona ny ionoka iray? Izy ireo dia . . . Ny ionoka dia mpiambina ny tempoly izay niambina an'ilay mpanjakavavy, satria izy ireo dia . . . sa- . . . Lehilahy natao momba izy ireo. Izy ireo dia nanana . . . Efa voamarikareo ve, voalaza hoe, “Tsy nandoto ny tenany tamin'ny vehivavy izy ireo”? Ionoky ny tempoly izy ireo. Ary izany dia isa voafantina iray izay nalain'Andriamanitra avy tao amin'ny voafidy avy amin'ireo Jiosy. Ankehitriny, raha hanamarika ianareo . . . Raha afaka haka an'io mihitsy isika vetivety fotsiny, mba handamina kely an'izany ao an-tsainareo, izay ahafahanareo marina tokoa . . .

⁴⁰ Ndao alaintsika ny Apokalypsy, ny toko faha-7, dia ho hitantsika eto ankehitriny, aiza . . . inona no Voalazany. Zavatra iray tsara tarehy izany:

Ary taorian'izany . . . nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra aho, . . . (ankehitriny, mirazotra amin'ny Ezekiela 9 izany, izay nahitany ny fandravàna ny Jiosy. Ary eto dia mahita ny fandravàna ny Jentilisa izy, Apokalypsy, ny toko faha-7) . . . Ary nahita anjely efatra nitsangana teo amin'ny vazan-tany efatra aho, nihazona ny rivotra efatra (rivotra dia midika hoe “ady sy fifandrafiana”) . . . mba tsy hisy rivotra hitsoka eo ambonin'ny tany, na eo amin'ny ranomasina, . . . na amin'ny hazo. (ary izany dia ady, “mihazona”)

⁴¹ Oh, raha nanana fotoana hidirana ao amin'ny antsipiriany eo amin'ity fanontaniana ity isika. Izany dia nitranga . . . Teo no nampikorontana an'i Russell. Naminany i Russell, nahita an'io fihaviana io. Naminany izy hoe “ho ny fihavian'ny Tompo Jesosy izany,” tsy nahafantatra fa izany dia ny—ny fanisiana tombokase an'ilay Fiangonana. Hitanareo?

⁴² Ary nanontany izy ireo hoe nahoana ilay ady lehibe . . . Ady Lehibe Voalohany. Jereo, izany dia nijanona tamin'ny Novambra faha-iraika ambin'ny folo, tamin'ny iraika ambin'ny folo ora atoandro; ny volana faha-iraika ambin'ny folo, ny andro faha-iraika ambin'ny folo, ary ny ora faha-iraika ambin'ny folo. Ary taorian'io avy hatrany, dia voambara tamin'ilay Fiangonana ny batisan'ny rano tamin'ny Anaran'i Jesosy sy ny Batisan'ny Fanahy Masina. Marina tokoa, taorian'io avy hatrany.

⁴³ Raha entinareo ao amin'ny Apokalypsy izany, hoe ahoana no nifatoran'izany niaraka tamintsika, ary eo anelanelan'ny

Taona Filadelfiana sy ny Laodikiana. Ary ireo Metodista no nanana ny Taona Filadelfiana, ilay fitiavan'ny mpirahalahy. Ary ilay taona farany, taom-piangonana, dia ny Taona Laodikiana, izay taona matimaty. Ary nilaza Izy eto hoe, “Nametraka varavarana iray (varavarana misokatra) teo anoloanao Aho.” Varavarana misokatra iray! Ary raha hitodika amin'ireo Soratra ireo ianareo, dia hamatotra an'ilay Hafatra manontolo ao amin'ny toerana anankiray izany eto, mba haneho aminareo marina tokoa.

⁴⁴ Diniho! Eto ny zavatra rehetra dia efa Ray, Zanaka, Fanahy Masina, tao amin'ny batisa, (fa hiditra ao amin'izany avy hatrany isika) izay tena fanekem-pinoana Katolika tanteraka tokoa fa tsy foto-pampianarana Kristiana iray mihitsy. Tsia, tompoko. Izaho fotsiny. . . Manana an'izany mihitsy isika eto, izao hariva izao, hidirana ao amin'izany; miaraka amin'ny leksika, ihany koa. Hitanareo? Eny, tompoko, ary miaraka amin'ny tantara ihany koa. Tsy nisy mihitsy olona iray izay hany natao batisa tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly, na nandritry ny eninjato taona voalohany taorian'ny Baiboly. Ary afaka manaporofa an'izany mihitsy aho eto amin'ny alàlan'ny foto-pampianaran'ny Katolika manokana, hoe izy ireo no anankiray izay nanomboka an'izany, sy ny famafazana ary fandrarahana.

⁴⁵ Niditra tao amin'ny fiangonana Wesleyana izy ireo, ary nankao amin'ny fiangonana Metodista, ny Metodista nampita an'izany tao amin'ny Batista, ny Batista nanohy nampita an'izany, nefa mbola foto-pampianarana iray sandoka foana izany! Ary afaka miverina ao amin'ny Baiboly aho ka manaporofa aminareo fa ny Baiboly dia nilaza fa “manana anarana iray ny ho velona ianao, nefa maty ianao.” Tena marina tokoa izany. Ary izy ireo dia nanana . . .

⁴⁶ Afaka manaporofa aho fa ny Baiboly dia nampianatra fa hampiasa Ny Anarany izy ireo ao amin'ny batisa mandra-pahatongan'ilay taona maizina, arak'ilay—ilay taona fahefatra. . . an'ny—ny taom-piangonana, ny Taonan'ny Fiangonana Pergamosy. Ary nilaza Izy, ao, nandritr'io dimanjato sy arivo taonan'ny taona maizina io, ny tsirairay avy, nanao hoe, “Manana hazavana kely tavela ianao, satria tsy nandà Ny Anarako ianao.”

⁴⁷ Rehefa tonga teo amin'io taona hafa eto io ilay izy, ilay taona Katolika, dia hoy Izy hoe, “Manana anarana ny ho ‘velona’ ianao, saingy maty ianao! Ary nandà Ny Anarako ianao.” Eo ianareo izao. Hitanareo? Mamatotra sary goavana tsara tarehy anankiray miaraka mihitsy izany, ny Baiboly manontolo.

⁴⁸ Mariho ity ankehitriny:

. . . *mihazona an'ireo rivotra efatra* . . .

Ary nahita anjely hafa iray aho nidina avy tany An-danitra, nanana ny tombokasen'Andriamanitra velona: . . . (ny Tombokase)

49 Ankehitriny, inona ilay tombokasen'Andriamanitra velona? Ankehitriny, ianareo rahalahy Adventista dia hilaza hoe, “Mitandrana ny andro sabata.” Tiako ianareo haneho amiko an'izany ao amin'ny Soratra. Tsy ao izany. Tsy misy toerana iray nanaovan'izany . . . izany—izany no tombokase . . .

50 Raha hamaky ny Efesiana 4:30 ianareo, haingana mihitsy, dia ho hitanareo hoe inona ilay Tombokasen'Andriamanitra velona. Efesiana 4:30 dia milaza hoe, “Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo.” Tsy hoe hatramin'ilay fifohazana manaraka, fa manana fiarovana Mandrakizay (ah-hah). “Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo.” Jereo raha tsy milaza an'izany ny Efesiana 4:30, avy eo dia raiso ilay soratra eny amin'ny sisiny dia ampitovio amin'ny sisa rehetra manerana ny Soratra izany, dia jereo. Ankehitriny, “Voaisy tombokase hatramin'ny andro fanavotana anareo. Manana an'ilay tombokasen'Andriamanitra velona.”

51 Ankehitriny, tsarovy, ny Fanahy Masina dia tsy nampianarina ho Batisan'ny Fanahy Masina raha tsy taorian'ny Ady Lehibe I. Isika dia vao avy nankalaza ny—ny jobily volamenantsika, efapolo taona, na ny faha-efapolo taonan'ny jobily.

. . . ary izy niantso tamin'ny feo mahery an'ireo anjely efatra, izay navela hanimba ny tany na ny ranomasina,

Nanao hoe, Aza manimba ny tany, na ny ranomasina, na ny hazo, mandra-panisinay tombokase an'ireo mpanompo . . . (ankehitriny dia tonga eo amin'ny fanontaniana anareo, “ny zanaka,” hitanareo) . . . ireo mpanompon'Andriamanitsika eo amin'ny handriny. (aza manimba, aza mandrava ny tany, aza mamela baomba atomika iray hipoaka, aza manao zavatra tanteraka iray mandra-pahatongan'ireo mpanompon'Andriamanitsika ho voaisy tombokase)

52 Ankehitriny, raha afaka mitondra an'izany any aoriana any isika ka miverina any aoriana any, ahoana fa—fa teo amin'ny *The Decline of the World's War* mihitsy aza, ao amin'ny boky faharoa, rehefa niady ny Jeneraly Allenby mandra-pahatongany teo amin'ny sisin-tanin'i Jerosalema, dia nandefa telegrama tany amin'ny Mpanjakan'i Angletera fotsiny izy, ka nanao hoe, “Tsy te-hitifitra an'ilay tanàna aho, nohon'ny fahamasinany.” Hoy izy hoe, “Inona no hataoko?”

53 Hoy izy hoe, “Mivavaha.”

54 Dia nanidina teo ambonin'izany indray izy, ary rehefa nanidina izy, dia hoy izy ireo hoe, "Avy i Allenby." Ary nisy Mohametana tao, izay nihevitra fa izy dia nilaza hoe, "Avy i Allah." Dia natsangan'izy ireo ilay saina fotsy ary nitolo-batana ka niditra tao Jerosalema i Allenby ary naka azy tsy nisy tifi-basy iray, araka ny faminiana, marina izany, ary namerina azy tamin'ireo Jiosy indray.

55 Avy eo dia nanangana an'i Hitler iray hanenjika an'ireo Jiosy izy ireo, ary nanerana an'izao tontolo rehetra izao, ka nanery azy ireo hiditra tao.

56 Ary nilaza ny Baiboly fa Izy dia "hamerina azy ireo eo amin'ny elatry ny voromahery iray." Ary rehefa nanomboka niverina izy ireo... Ny *Life* Magazina sy izy ireo dia namoaka an'izany herinandro vitsy lasa izay, izay namerenany azy ireo amin'arivony, tao Jerosalema, ary nandeha izy ireo nibaby an'ireo olona antitra teo amin'ny lamosiny. Nanontaniana izy ireo. Manana an'izany rehetra izany eo amin'ny horonam-peo sy sary aho. Ary nilaza izy... Nihantona teo ilay sainan'i Davida nisy kintana efatra, nihantona teo; ilay saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao, ny fotoana voalohany izay nikopakopahany nandritry ny roa arivo taona.

57 Hoy Jesosy hoe, "Rehefa mamontsina ny aviavy, dia tsy ho lany ity taranaka ity."

58 Ary teo izy ireo nitondra an'ireo olony antitra niditra, ka nanao hoe, "Inona? Hiverina ho faty any an-tanindrazana ve ianareo?"

59 Hoy izy ireo, "Tsia, tonga izahay mba hahita ny Mesia."

60 Ary, rahalahy, teneniko aminareo, eo am-baravarana isika izao! Eo ireo mpanompo, ireo izay miandry any ankoatra any. Tsy io andiana Jiosy izay hisoloky ny solonifinareo io raha azony atao, tsy izany ilay Jiosy izay Resahiny. Fa izany dia ireo any ankoatra any izay nitandrina ny—ny lalàna sy ny sisa, ary tsy nahafantatra mihitsy akory aza fa nisy Mesia iray.

61 Ary Rahalahy...any Stockholm, Rahalahy Petrus, dia nandefa Testamenta Vaovao iray tapitrisa ho azy ireo, ary rehefa azony izy ireo dia novakiany izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Eny, raha ity no Mesia, dia avelao izahay hahita azy hanao an'ilay famantaran'ny mpaminany, dia hino azy izahay."

62 Fiorenana iray toy ny inona ho an'ny asam-panompoako! Teo amin'ny roa ora no tsy nahatonga ahy teo amin'ny vavahadin'i Jerosalema, mba hiditra, ary tany Caire aho, Egypta. Ary nandehandeha teo aho, dia hoy ny Fanahy Masina hoe, "Aza mandeha ankehitriny."

63 Nieritreritra aho hoe, "Eritreritra fotsiny ny ahy. Efa voavidy ny tapakilako, eo amin'ny lalako aho. Ilay lehilahy dia efa any hitsena ahy, ilay vondrona manontolo, ireo fianarana sy ny sisa."

64 Nandeha lavidavitra kely aho, dia hoy ny Fanahy hoe, “Aza mandeha! Aza mandeha ianao.”

65 Niverina tany amin'ilay mpivarotra tapakila aho, hoy aho hoe, “Fohanako ity tapakila ity. Te-handeha ho any Athènes aho, Grèce, ho any amin'ny Mars Hill.

66 Dia hoy izy hoe, “Eny, ny tapakilanao dia milaza hoe ho any Jerosalema, tompoko.”

67 Hoy aho hoe, “Te-handeha any Athènes aho raha tokony handeha any Jerosalema.” Miandry ny Fanahy Masina, tsy mbola tonga mihitsy io ora io. Tsy mety tsara fotsiny mihitsy ilay izy.

68 Diniho:

...voaisy tombokase an'ireo mpanompon'Andriamanitsika eo amin'ny handriny,

Nanao hoe, Aza manimba ny tany...mandrapahatonga anay...hanisy tombokase an'ireo mpanompon'Andriamanitsika eo amin'ny handriny. (ny olona rehetra dia mahafantatra fa ny Tombokasen'ny Fanahy Masina izany; diniho)

Ary nahare ny isan'ireo izay voaisy tombokase aho: . . . (ankehitriny, raha tsy Jiosy izy ireo, dia diniho ity). . . ary nisy efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy no voaisy tombokase avy amin'ny fokon'ny zanak'Isiraely rehetra. (tsy nisy Jentilisa iray tao amin'izy ireo. Izany dia amin'ny andro farany)

69 Diniho! Ny fokon'i Joda, roa arivo sy iray alina; ny fokon'i Robena, roa arivo sy iray alina; sy ny manaraka, Gada, roa arivo sy iray alina; Naftaly, ary—ary—ary midina hatrany amin'ny Asera, sy—sy Zebolona, ary ireo foko roa ambin'ny folo rehetra an'Isiraely ireo. Ary ny roa ambin'ny folo ampitomboina roa ambin'ny folo dia firy? Efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Io ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, Jiosy! Tsy Jentilisa, Jiosy! Tsy misy idiran'ny Ampakarina amin'izany. Noho izany dia diso ao amin'ny foto-pampianarany ny Vavolombelon'i Jehovah. Ny Baiboly dia milaza mazava tsara fa izy ireo dia “Jiosy,” fa tsy Jentilisa. Mpanompon'Andriamanitra izy ireo, fa ny Jentilisa dia tsy noraisina ho mpanompo iray mihitsy. Zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra isika, fa tsy mpanompo.

70 Ankehitriny dia vakio ny sisa amin'Izany. Tahaka an'ilay lehilahy nihinana pasiteky, nanao hoe, “Tsara ity, saingy ndao isika mbola haka amboniny sasantsasany amin'izany.” Eny àry, manana betsaka an'Izany Andriamanitra eto. Ankehitriny, mariho fotsiny. Ankehitriny, eo amin'ny andininy faha-8 isika ankehitriny:

Ary avy amin'ny fokon'i Zebolona . . . roa arivo sy iray alina voaisy tombokase. Ny fokon'i Josefa rehetra

dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase. Avy amin'ny fokon'i Benjamina dia roa arivo sy iray alina no voaisy tombokase.

71 Hitanareo, Jaona, satria Jiosy iray, dia nahalala ny tsirairay avy tamin'izy ireo, nahita an'ireo foko roa ambin'ny folon'ny Isiraely; roa arivo sy iray alina avy amin'ny foko tsirairay, roa ambin'ny folo ampitomboina roa ambin'ny folo dia efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy. Ireo izy ireo, tsy ilay Fiangonana, ireo Jiosy. Ny Baiboly no nilaza eto, fa izy rehetra dia “ireo zanak'Isiraely,” voatonona ny foko tsirairay.

72 Diniho ankehitriny, andininy faha-9:

Taorian'izany (ankehitriny dia indro tonga ny Ampakarina) . . .

Taorian'izany dia hitako fa, . . . indreo, olona betsaka, izay tsy nisy olona afaka nanisa, . . .

73 Io ireo ionoky ny tempolinareo, efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy fotsiny izy ireo, vondrona kely iray fotsiny, mpiambina tempoly kely fotsiny izay hiaraka amin'ny Ampakarina; Izy fotsiny—ny mpanara-dia Azy fotsiny. Izany ilay efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, dia mpanara-dia an'ilay Ampakarina; ireo ionoky ny tempoly.

74 Diniho! Mazava ho azy, fantatro fa hiverina eto amin'ny andininy faha-14 ianareo, ka hanao hoe, “Nahoana, miaraka amin'ny Ampakarina na aiza na aiza izy ireo. . .” Tanteraka tokoa! Ireo ionoka dia nandeha niaraka tamin'ny mpanjakavavy na taiza na taiza nalehany. Marina tokoa! Saingy inona izy ireo? Tsy misy afa-tsy mpanara-dia izy ireo, ary izany marina tokoa no ilazan'ny Soratra azy eto.

75 Mariho:

Ary taorian'izany . . . ary, indreo, olona betsaka, izay tsy nisy olona afaka nanisa, avy amin'ny firenena rehetra, . . . fokom-pirenena, . . . olona, ary fiteny, . . . (io ilay Ampakarina Jentilisanareo fa miseho, eny ary) . . . ireo dia nitsangana . . . teo anatrehan'ny Zanak'ondry, (io ilay Mpamonjin'izy ireo, ny Zanak'ondry, fa tsy ny lalàna; ny Zanak'ondry, ny Fahasoavana) . . . nikanjo akanjo fotsy lava, . . . (diniho, afaka minitra vitsy, jereo ilay akanjo fotsy lava raha tsy ny fahamarinan'ny olomasina) . . . ary sampan-drofia no teny an-tànany;

Ary izy ireo niantso tamin'ny feo mahery, . . . (raha tsy io no fifohazana Pentekotista iray, dia tsy mbola nandre anankiray mihitsy aho) . . . nanao hoe, Ny famonjena anie ho an'Andriamanitsika izay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana, sy ho an'ny Zanak'ondry.

Ary ny anjely rehetra nitsangana nanodidina ny seza fiandrianana, sy ireo loholona ary ireo biby efatra, . . . niankohoka teo ambonin'ny . . . teo anoloan'ny seza fiandrianana tamin'ny tavany, ary nivavaka tamin'Andriamanitra,

Nanao hoe, Amena: Ny saotra, . . . ny voninahitra, . . . ny fahendrena, . . . ny fisaorana, . . . ny haja, . . . hery, faherezana, anie ho an'Andriamanitsika mandrakizay sy mandrakizay. Amena.

⁷⁶ Toa mitovy amin'ny fotoan'ny fivorian'ny toby iray izany, sa tsy izany? Hisy izany! Iza io? Ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy ve? Tsia mihitsy! Io isa lehibe izay tsy misy olona . . . avy amin'ny fokom-pirenena rehetra, fiteny, ary firenena. Tsy afaka mahita ve ianareo, ry sakaiza malalako?

⁷⁷ Diniho ankehitriny, vakio fotsiny Izany. Ankehitriny:

Ary ny anankiray tamin'ireo loholona namaly, ka nanao tamiko hoe, Iza moa ireo ary . . . izay miakanjo akanjo fotsy lava? Ary avy taiza izy ireo?

⁷⁸ Nilaza tamin'i Jaona ilay loholona, izay Jiosy iray izay nahafantatra an'ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsy, nanao hoe, "Ankehitriny, ianao no mahafantatra azy ireo, Jiosy izy rehetra. Fa iza ireto? Avy taiza izy ireo?" Hitanareo ve izay nolazain'ilay loholona? "Ny anankiray tamin'ireo loholona namaly," (izany dia ireo loholona teo anoloan'ny Seza fiandrianana) "namaly ahy, nanao hoe, 'Iza moa ireto miakanjo akanjo fotsy lava ireto? Ary avy taiza izy ireo? Ankehitriny, isika rehetra dia mahafantatra an'ireo Jiosy sy ireo fanekeny sy ny sisa, fa oviana ireto no tonga?'" Diniho ankehitriny:

Dia hoy aho taminy hoe, Tompoko, ianao no mahalala. ("Izaho—izaho—izaho tsy mahalala," hoy i Jaona, "tsy takatro fotsiny ilay izy. Tsy mahalala aho.") Dia hoy izy tamiko hoe, Ireto dia ireo izay avy tamin'ny fahoriana lehibe, ("Tao amin'ireo fizahan-toetra sy ireo loza maro, asa-mafy sy fandrika, no efa nandalovako." Hitanareo?) . . . ireo dia tonga avy tamin'ny fahoriana lehibe, ary nanasa ny akanjony, . . . (tao amin'ny fiangonana ve? Maneno tsara ve izany?) . . . nanasa ny akanjony, ary namotsy azy ireny tao amin'ny rà'n'ny Zanak'ondry.

. . . izy ireo dia eo anoloan'ny seza fiandrianan'Andriamanitra, ka manompo Azy andro aman'alina . . . (iza no manompo ahy ao an-tranoko? Ny vadiko. Marina ve izany?) . . . ary ao amin'ny Tempoliny: . . . (izany dia ilay mijanona miaraka amiko any an-tranoko sy ao amin'ny fananako, dia ny vadiko. Izy no ilay anankiray izay mipetraka miaraka amiko, sy manasa ny akanjoko, ary mihazona an'ireo zavatra

ho vonona ho ahy) . . . *ary ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana dia hitoetra eo anivon'izy ireo.* (Oh, oadray, henoy!)

Ary *tsy ho noana intsony izy ireo, . . .* (toy ny hoe nandao sakafo vitsivitsy izy ireo teny ampandehanana) . . . *sady tsy nangetaheta intsony izy ireo; tsy haninona azy ireo intsony ny hazavan'ny masoandro, na ny hafanana.*

Fa ny Zanak'ondry izay eo afovoan'ny seza fiandrianana no hamahana azy ireo, ary hitarika azy ireo eo amin'ny loharano velon'ny rano: ary ho fafan'Andriamanitra . . . ny ranomaso rehetra eo amin'ny mason'izy ireo. (io Izy, io ny Ampakarinareo)

⁷⁹ Io ireo efatra arivo amby efatra alina amby iray hetsinareo, io ireo mpanomponareo. Noho izany “ny zanaky ny Fanjakana” eto, ry olona malala izay nametraka an'ilay fanontaniana, izany dia . . . izay nametraka an'ity fanontaniana malaza ity. Heveriko fa mety navelako teto ilay izy tao anatin'ny . . . any ho any, fa “rehefa nariana izy ireo,” izany dia tsy midika hoe hariana hiala amin'ny fisainan'Andriamanitra izy ireo. Nariana niala tamin'ireo tombontsoa ara-panahy mandritry ny vanim-potoana iray izy ireo. Hitanareo, mandritry ny vanim-potoana kely iray fotsiny.

⁸⁰ Satria, rehefa nahita ny Isiraely ilay mpaminany tamin'io andro io fa tonga izy, dia hoy izy hoe, “Eny, ho inona Isiraely rehefa ho foanana ny Sabata, ka—ka hivarotra ny Sabata tahaka ny andro hafa rehetra izy ireo, sy ireo zavatra rehetra ireo.” Hoy izy hoe, “Eny, Ianao ve—Ianao ve mba . . . Ho hadinoina tanteraka ve Isiraely?”

⁸¹ Hoy Izy hoe, “Toy ny ahoana ny haavon'ny lanitra? Toy ny ahoana ny halalin'ny tany? Refeso amin'ny tehina izay mipetraka eo anoloanao izany.”

Hoy izy hoe, “Tsy vitako!”

⁸² Hoy Izy hoe, “Izaho koa tsy afaka hanadino an'Isiraely mihitsy.” Tsia tokoa! Tsy ho hadinoina mihitsy Isiraely.

⁸³ Noho izany, hitanareo, *mandrakizay [everlasting]* sy *Mandrakizay [Eternal]* dia zavatra roa samihafa. Nariana Isiraely, fa tsy avy tamin'ny fisainan'Andriamanitra. Ary miresaka ny amin'izany i Paoly eto, raha nanana aho . . . nanana fotoana hianarana, mba ahafahako mandeha haingana mihitsy ao amin'ny Soratra izay . . . azoko hanondroana azy ireo aminareo, hitanareo, izay tonga ato an-tsaiko.

⁸⁴ Niteny i Paoly eo, nilaza mba hitandremantsika Jentilisa, ny fomba nandehanantsika sy izay nataontsika. Hitanareo? Satria raha Andriamanitra aza tsy nitahiry an'ilay sampana voalohany, hitanareo, nefa isika dia natao grefy fotsiny tao,

hitanareo, . . . Ary Isiraely, izay nohajambaina nandritry ny vanim-potoana iray, hoy izy. Mandritry ny vanim-potoana iray fotsiny, no nohajambaina Isiraely. Marina izany, saingy ho esorina amin'ny mason'izy ireo ilay fisaronana. Ary izany dia rehefa nateraka tao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ilay Jentilisa farany, amin'izay fotoana izay no esorina amin'ny mason'ny Isiraely ny fisaronan'izy ireo. Dia hilaza izy ireo hoe, "Io ilay Mesia Izay nandrasantsika ho hita." Marina izany, saingy mihidy ilay varavaran'ny Jentilisa (ilay sambofiara dia—dia mihidy), tsy misy intsony—tsy misy fahasoavana intsony tavela ho an'ny Jentilisa amin'izany fotoana izany.

⁸⁵ Ankehitriny, maka fotoana iray manontolo aho eo amin'ny fanontaniana anankiray. Ary hoy ny olona iray hoe, "Ankehitriny dia tsy ho tonga eo amin'ny ahy ianao." Eny, handeha haingana isika ary hahita raha tsy afaka ho tonga eo amin'izany.

⁸⁶ Eny àry, ity ny—ny anankiray lava. Ary ny kely tsirairay amin'izany izay nanontanian'ilay vehivavy na nanontanian'ilay lehilahy, na iza izany na iza, dia marina.

53. Tsy marina ve fa tsy maty ho an'izao tontolo rehetra izao ny Tompo Jesosy, izay midika fa ny olona tsirairay eto amin'izao tontolo izao, saingy kosa . . . (ankehitriny, hazavaiko izany, fa izy . . . izy [he] na izy [she], na iza izany na iza . . . Mitovy amin'ny sora-behivavy) . . . saingy kosa ho an'ireo—kosa ho an'ireo any amin'ny ampahany rehetra an'izao tontolo izao, izay nomen'ny Ray Azy? Ireo izay talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, izay nalohat'Andriamanitra ho amin'ny Fiainana Mandrakizay, nifidy azy ireo araka ny Sitrapony tsara Manokana?

⁸⁷ Tanteraka tokoa, marina izany! Tena marina tokoa izany. Jesosy dia maty ho . . . tsy ho fotsiny . . . Manana tanjona Izy.

⁸⁸ Ndao jerentsika, mino aho fa ny . . . izaho—mino aho fa izy ireo dia namaky . . . misy fanontaniana iray eto amin'ity hoe:

54. Tsy isalasalana fa ny Soratra dia miteny amintsika fa misy ireo izay tsy ho—misy ireo izay tsy ho voavonjy. Noho izany . . .

⁸⁹ Tena marina tokoa izany. Ny Soratra dia miteny amintsika fa nisy ireo olona izay voalahatr'Andriamanitra mialoha ho voaheloka.

⁹⁰ Tianareo ve ny hamaky an'izany, mba hialan'izany foana ao amin'ny sainareo? Eny àry, ndao isika hamadika ankehitriny ao amin'ny Bokin'ny—ny Joda, Joda no miteny eto.

Joda, mpanompon'i Jesosy Kristy, ny rahalahin'i Jakoba, ho an'ireo izay nohamasinin'Andriamanitra Ray, sy voatahiry ao amin'i Jesosy Kristy, ary nantsoina:

⁹¹ Hitanareo ve hoe iza no andefasany an'Izany? Tsy ilay mpanota, tsy fivoriana ara-pilazantsara fotsiny, fa ho an'ilay

nohamasinina sy nantsoina. Hitanareo, ireo izay efa ao anatin'ny Fanjakana.

Ho aminareo anie ny famindrampo, sy fiadanana, ary fitiavana, ho ampitomboina.

Ry malala,.. izaho dia manolotra ny zotom-po rehetra hanoratra aminareo ny amin'ny famonjena iombonana, nisy nahatery ahy hanoratra aminareo, sy mba hananatra anareo... ny tokony hiezahanareo mafy hiaro ny finoana izay voatolotra indray mandeha ho an'ireo olo-masina.

Fa misy olona sasany efa niditra nisokosoko, izay efa voalahatra fahiny ho an'izany fanamelohana izany,..(ahoana?)...mamadika ny fahasovan'Andriamanitsika ho fijejojejoana,..

⁹² Voalahatra fahiny! Tsy hoe nipetraka teo amin'ny seza fiandrianana Andriamanitra, ka nanao hoe, “Hamonjy an'ity lehilahy ity Aho, hanary an'ity lehilahy ity Aho.” Tsy izany ilay izy! Maty Andriamanitra, ary rehefa maty Jesosy, dia ilay fanaovam-panavotana no nandrakotra ny tany manontolo ho an'ny olona tsirairay. Saingy Andriamanitra, tamin'ny fahalalana mialoha...Tsy hoe Sitrany...Tsy Sitrany ny hahalevona ny rehetra. Tiany ho voavonjy ny olona rehetra. Izany No—izany no Tanjony Mandrakizay. Saingy raha Andriamanitra Izy, dia Fantany hoe iza no ho ary iza no tsy ho voavonjy. Raha tsy nahafantatra Izy, amin'izay fotoana izay dia tsy Izy no ilay Andriamanitra tsi-manam-petra. Noho izany dia ny Baiboly no mampianatra an'izany. Mba ahafahantsika . . .

⁹³ Raha nanana fotoana isika hamadihana ato amin'ny Romana, ny toko faha-8, ka afaka hamaky an'izany ianareo. Romana, ny toko faha-9, toerana maro hafa ao amin'ny Baiboly. Efesiana, ny toko faha-1. Ary afaka mahita ianareo fa ny fifidianan'Andriamanitra, mba ahafahan'izany hijoro azo antoka, dia nanome fanekena tsy nisy fepetra Andriamanitra. Nandefa an'i Jesosy Izy mba ho faty ho an'ireo izay efa Fantany mialoha. Hitanareo?

⁹⁴ Tsy hilaza fotsiny hoe, “Eny, milaza ve ianao fa Andriamanitra dia tsy mahafantatra na ho voavonjy izy na tsia?” Efa fantatr'Andriamanitra fa ho voavonjy ianareo, na ho voavonjy ianareo na tsia, talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao, fa raha tsy izany dia tsy Andriamanitra Izy.

⁹⁵ Fantatrareo ve ny dikan'ny teny hoe *tsi-manam-petra*? Jereo ny . . .Jereo ao amin'ny diksionera dia tadiavo ny dikan'ny teny hoe *tsi-manam-petra*. Nahoana, efa Fantany ny parasy tsirairay izay hany hisy eto an-tany, ny lalitra tsirairay, ny sahona tsirairay, ny tsimoka tsirairay. Efa Fantany izany talohan'ny hany nahatongavan'izy ireo tao amin'ny fisiana, fa raha tsy

izany dia tsy Andriamanitra Izy. Izany tokoa, efa Fantany izany. Eny àry.

⁹⁶ Noho izany, ao amin'io, Andriamanitra dia tsy afaka—tsy hilaza hoe, “Handray *anao* Aho, ary handefa anao any amin'ny helo; ary handray *anao* Aho, ary handefa anao any An-danitra.” Tian'Andriamanitra handeha ho any An-danitra ianareo roa. Saingy tamin'ny fahalalana mialoha dia Fantany fa ny anankiray dia ho mpisoloky, ary ilay iray hafa dia ho mendri-kaja iray sy Kristiana iray. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy nandefa an'i Jesosy Izy mba ho faty, mba hamonjy an'ilay lehilahy izay efa Fantany mialoha fa te-ho vonjena. Azonareo ve ilay izy?

Ankehitriny jereo eto:

Ny Soratra dia miteny amintsika tsy am-pisalasalana fa misy ireo izay tsy ho voavonjy.

55. Noho izany raha ny fanaovam-panavotana no nanarona ny rehetra . . . ny taranak'i Adama rehetra, nefa ny sasany dia very satria tsy nandray ny teny fikasana ho an'ny tenany, na ilay nomanina, dia tsy ho . . . maher- . . . malalaka . . . izy ve . . . ho hery iray mahery lavitra noho ny drafitra sy ny tanjona Mandrakizay an'Andriamanitra Tsitoha? Izany ve ho . . . (Ilay olona ankehitriny, ao amin'ity fanontaniana faharoa ity, no manontany.) Tsy ny safidy malalaky ny olona ve no ho hery iray mahery lavitra noho ny drafitra sy tanjona Mandrakizay an'Andriamanitra Tsitoha iray?

⁹⁷ Tsia, ry rahalahiko na anabaviko. Tsia tokoa! Tsy misy na inona na inona mahery kokoa . . . Ny safidin'ny olona dia tsy afaka hitaha mihitsy amin'ny—ny tanjona Mandrakizay an'ny fitsaran'Andriamanitra. Tsy azo atao izany, hitanareo.

⁹⁸ Ankehitriny, ny fanontaniana voalohany dia marina. Ny fanontaniana faharoa dia tsy mety ho marina, ry sakaiza. Satria jereo, jereo ilay fomba nanoratana azy eto, hitanareo: “Tsy ny safidy malalaky ny olona ve no ho hery iray mahery lavitra noho ny drafitra sy tanjona Mandrakizay an'Andriamanitra Tsitoha?” Nahoana, tsia tokoa. Ahoana no ahafahan'ny sitrapon'olona ho hery iray mahery lavitra noho ny tanjon'Andriamanitra Tsitoha? Ary ny olona ao amin'ny toerany ara-nofy haniry izay tiany ve, dia hahery lavitra noho ny Andriamanitra Mandrakizay iray, tanteraka? Tsia tokoa! Tsy azo atao izany, hitanareo. Ilay Andriamanitra Mandrakizay, Izay tanteraka ny tanjony, dia ahoana no ahafahanareo hilaza fa ny—ny olona ara-nofy iray eto, tsy mampaninona na marina toy ny ahoana (ary mety ho izany izy), ny tanjony dia tsy hitaha na oviana na oviana amin'ity: ny—ny tanjon'ilay Andriamanitra Mandrakizay sy Tsitoha.

⁹⁹ [Miteny avy ao amin'ny fiangonana ny anabavy iray—Mpand.] Eny. [“Miala tsiny aho. Te-hametraka fanontaniana iray fotsiny aho, ary—ary tsy azonao izay tiako lazaina eo.”] Hia, eny àry, ranabavy. [“Tsy mino an'izany mihitsy

aho, ny tiako nolazaina dia hoe ‘Ny tanjona Mandrakizay an’Andriamanitra dia mandeha any ambonin’ny safidy malalaky ny olona.’”]

¹⁰⁰ Marina izany. Oh, eny, izaho—izaho no diso famaky azy raha izany, hitanareo. Eny àry. Eny, marina mihitsy tokoa ny anao arak’izany, ranabavy. Tsy fantatro hoe izany no—no fanontaniano. Eny àry. Fa, hitanareo, izay nahazoako azy eto, hitanareo, . . . Ankehitriny avelao aho hijery, “Manarona ny taranak’i Adama rehetra, nefa ny sasany dia very satria tsy nandray ho an’ny tenany—ny tenany ny nomanina ho azy, tsy ny safidy malalaky ny olona ve no ho hery iray mahery kokoa noho ny drafitra sy tanjona Mandrakizay an’Andriamanitra Tsihoa?” Hitanareo, izaho—diso fandika ny eritreritrao aho teo. Eny, ilay tanjona Mandrakizay an’Andriamanitra Tsihoa. Eny, milamina hatreo izany.

¹⁰¹ Ataoko fa azon’ny olona rehetra izany. Raha azonareo, dia atsangano ny tãnanareo. Ilay izy dia—ilay izy dia ny tanjona Mandrakizay an’Andriamanitra Tsihoa, no azo antoka fa ho ambony lavitra—ambony lavitra noho izay azon’ny olona hatao.

Ankehitriny:

56. Tsy azoko ilay hazavana ny amin’ny batisan’ny rano, ao amin’ny toko faha-28-n’ny . . . andininy faha-19, an’ny Matio. Inona no dikan’izany?

¹⁰² Eny, ankehitriny, angamba tsy hihazona ahy afa-tsy iray minitra fotsiny izany. Ary aoka ny olona iray hamadika miaraka amiko raha sitrakareo, ao amin’ny Matio, ny toko faha-28, ary ny andininy faha-19. Ary hahita isika, izay tian’ilay olona fotsiny . . . dimy amby roapolo . . . Ankehitriny, Ity dia hanao anareo hatanjaka raha hijanona amin’izany fotsiny ianareo. Izany dia—tsara Izany, hitanareo. Izany dia tsy ara-pilazantsara, fa Izany dia . . .

¹⁰³ Ankehitriny isika dia . . . Ankehitriny eto no ezahan’ny olona hilazana hoe, “Misy fifanoherana iray ao amin’ny Baiboly.” Ankehitriny, tiako ny olona iray hamadika ao . . . amin’ny Matio 28:19. Na, tsia, tiako ny olona iray . . . Matio 28:19. Tiako ny olona iray hamadika ao amin’ny Asa 2:38. Manana ny Baibolinao ve ianao eo, Rahalahy Neville?

¹⁰⁴ Ary tiako ianareo ihany no hamaky ankehitriny. “Ary hasehoko anareo ny fifanoherana henjana iray ao amin’ny Baiboly. Ary izany ny—ny Baiboly . . . Ireo olona izay milaza hoe ‘tsy manohitra ny Tenany ny Baiboly,’ tiako ianareo handray an’ity amin’ny fiheverana.”

¹⁰⁵ Ary ity no manao an’ireo mpampianatra ho fotsy volo. Fa Izany—Izany dia tsotra. Ankehitriny dia hamaky ny Matio 28:19 aho, ianareo manaraha ahy. Ary ny sasany aminareo miaraka amin’ny Asa 2:38, ataovy vonona izany. Hanomboka amin’ny andininy faha-18 aho, ity no famaranana ny token’ny Matio:

Ary nanatona Jesosy ka niteny tamin'ireo mpian- . . . niteny tamin'izy ireo, nanao hoe, Efa nomena ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany. (aiza ny fahefan'ny Ray?)

¹⁰⁶ Raha nomena an'i Jesosy ny fahefana rehetra any Andanitra sy ety an-tany, dia tsy manana fahefana Andriamanitra arak'izany sa tsy izany Izy? Sa niteny tantara iray fotsiny Izy? Nivazivazy ve Izy? Matotra amin'Izany Izy! Tsy mino ve ianareo fa matotra amin'Izany Izy? Eny, raha nomena Azy ny fahefana rehetra, dia aiza no misy ny fahefan'Andriamanitra arak'izany? Andriamanitra Izy! Marina izany. Izay ihany no zavatra tokana misy amin'izany. Izany fotsiny ihany no nisy. Hitanareo, Andriamanitra Izy; raha tsy izany dia nisy olona iray efa nipetraka teo, efa nanana fahefana, ary tsy manana an'izany intsony. Hitanareo? Noho izany ianareo dia tsy afaka—tsy afaka hampifangaro an'Izany ianareo. Hahita an'izany mihitsy isika eto amin'ity zavatra iray ihany eto ity. Eny àry:

. . . Ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany dia . . . any an-danitra sy ety an-tany.

Mandehana ianareo arak'izany, . . . mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina:

Mampianara azy ireo hitandrina an'ireo zavatra rehetra izay nandidiako anareo: . . . indro, izaho homba anareo isan'andro, hatramin'ny fahataperan'izao tontolo izao mihitsy aza.

¹⁰⁷ Asa 2:38, ankehitriny dia aoka hamaky ny olona iray. Andraso iray minitra fotsiny. Asa, ny toko faha-2, ny andininy faha-38. Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny, ary aoka haharitra, dia hahita isika ankehitriny. Ankehitriny, ity dia folo andro taorian'ny nitenenan'i Jesosy tamin'izy ireo ankehitriny, Matio 28:19, “Mandehana ianareo arak'izany, mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, ny Zanaka, ary ny Fanahy Masina.”

¹⁰⁸ Ankehitriny, Petera, folo andro taty aoriana. . . Tsy nitory toriteny hafa mihitsy izy ireo. Niakatra tao amin'ny efitra ambony an'i Jerosalema izy ireo, ary niandry tao (nandritry ny folo andro) mba hahatongavan'ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra an'izany? Ato amin'ity toerana ity. Indro i Petera, i Petera no manana ny fanalahidin'ny Fanjakana. Eny àry, ho hitantsika izay ataony. Matio, na ny tiako lazaina dia ny Asa 2, ndao raisintsika ny andininy faha-36:

Koa aoka ho fantatry ny taranak'Isiraely rehetra marimarina, fa Andriamanitra dia nanao an'iny Jesosy iny ihany, izay ianareo . . . nohomboanareo, ho Tompo sy Kristy.

“Ho Tompo sy Kristy.” Tsy mahagaga, raha nomena Azy ny fahefana rehetra any an-danitra sy ety an-tany.

Ankehitriny rehefa nandre an'izany izy ireo, dia voatsindrona tao am-pony, ka nilaza tamin'i Petera sy...ny sisa tamin'ireo apostoly hoe, Ry lehilahy sy rahalahy, inona no hataonay?

Namaly i Petera...*Hoy i Petera tamin'izy ireo; Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny anaran'i Jesosy Kristy ho famelàna ny fahotana, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.*

¹⁰⁹ “Ankehitriny, io ny fifanoherana iray. Matio dia nilaza hoe, ‘manaova batisa amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina,’ ary Petera nilaza ao amin'ny Asa 2:38, folo andro taty aoriana hoe, ‘Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.’”

¹¹⁰ Noho izany ny fotoana manaraka ho an'ny fibebahana izay voateny—voateny, na, ny batisa, ao amin'ny Baiboly, izany dia ny Asa ny—ny toko faha-8, rehefa nandeha i Filipo ka nitory tamin'ireo...tamin'ny—tamin'ireo Samaritana. Ary nandray ny Fanahy Masina izy ireo, dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

¹¹¹ Ny fotoana manaraka nitenenana azy, dia rehefa nandray an'izany ireo Jentilisa, Asa 10:49:

Ary i Petera raha mbola...niteny an'ireo teny ireo, indro, ny Fanahy Masina dia nilatsaka teo...amin'izy ireo...ary nandre azy ireo.

Fa nandre azy ireo niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra izy ireo, sy nankalaza an'Andriamanitra. Avy eo dia nilaza i Petera hoe,

Misy olona iray mahazo mandrara ny rano ve, hita fa izy ireo...dia nandray ny Fanahy Masina tahaka antsika tany amin'ny voalohany?

Dia nandidy azy ireo izy mba hatao batisa amin'ny Anaran'ny Jesosy Kristy Tompo.

¹¹² Ankehitriny dia mamelà ahy haka zavatra iray eto, haneho aminareo zavatra kely fotsiny mba tsy hanadinoinareo azy; hanao kisarisary kely iray. Izaho dia hametraka...Firy ny taran-...fihaviana ara-pirenen'ny olona misy eto amin'izao tontolo izao? Misy telo: Ny olon'i Hama, Sema, ary Jafeta. Firy no mahafantatra an'izany? Avy amin'ireo zanaka telon'i Noa isika. Ny olon'i Hama, ny olon'i Sema...Ny olon'i Jafeta dia ny Anglo-Saxon, ny olon'i Sema dia ny...Ireo taranaka telo ireo, izany hoe: Jiosy, Jentilisa, ary ireo tapany Jiosy sy Jentilisa. Ankehitriny, mariho, rehefa io teo io...ary *ity* dia Hama...Sema, Hama, ary Jafeta.

113 Ankehitriny, ny fotoana voalohany izay hany nitenenana ny batisa, dia notenenin'i Jaona Mpanao-batisa. Firy no mahafantatra an'izany ho marina? Eny àry, hapetrako eto *izany*, eto amin'ity, Jaona Mpanao-batisa. Ary Jaona dia nanao batisa ny olona teo amin'ny reniranon'i Jordana, nandidy azy ireo fa tokony hibebaka izy ireo ary hahitsy amin'Andriamanitra, sy hivarotra ny fananany, sy hamahana ny mahantra, ary ireo miaramila dia aoka ho afa-po amin'ny volany, sy hahitsy amin'Andriamanitra. Firy no mahafantatra an'izany? Dia nanao batisa teo amin'ny reniranon'i Jordana izy, tsy namafy tamin'izy ireo, tsy nandrarakana tamin'izy ireo, fa nanitrika azy ireo! Raha tsy mino an'Izany ianareo, dia ity ny leksika, jereo raha tsy *baptizo* izany, izany hoe “manao batisa, manitrika, mametraka ao ambany, mandevina.” Ankehitriny, ny fotoan'ny batisa voalohany izay hany notenenina, dia teo.

114 Ny fotoana faharoa an'ny batisa izay hany notenenina, dia Jesosy no naniraka an'izany, Matio 28:19.

115 Ny fotoan'ny batisa manaraka izay voateny, dia Asa 2:38.

116 Ny fotoan'ny batisa manaraka izay voateny, dia ao amin'ny toko faha-8-n'ny Asa.

117 Ny fotoan'ny batisa manaraka izay voateny, dia ao amin'ny—ny toko faha-10-n'ny Asa.

118 Ary noho izany isika dia avy eo amin'ny fotoana izay nilazan'i Jesosy, eto hoe, “Mandehana ianareo arak'izany, mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, sy ny Zanaka, Fanahy Masina.

119 Ankehitriny dia ndao isika hanao an'io Soratra io hahitsy, aloha. Efa noteneniko taminareo fa “tsy misy Soratra iray ao amin'ny Baiboly izay hifanohitra amin'ny iray hafa.” Tiako ianareo hitondra an'izany aty amiko. Efa nangataka an'izany nandritry ny enina amby roapolo taona aho, fa tsy mbola nahita an'izany. Tsy misy Soratra izay hifan-... Raha mifanohitra amin'Izany izy, amin'izay fotoana izay dia raharaha iray nosoratan'olona izany. Tsia, tompoko, tsy misy fifanoherana ao amin'ny Baiboly!

120 Ankehitriny ity dia hoy ianareo hoe, “Ahoana ny amin'ity?”

121 Indro mitsangana Jesosy manao hoe, “Mandehana ianareo arak'izany, mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina.”

122 Dia nihodina avy hatrany i Petera, ka nanao hoe, “Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy.”

123 “Io ilay fifanoheranareo.” Toa tahaka an'izany ilay izy. Ankehitriny, raha mamaky miaraka amin'ny fisainana aranofo ianareo, fa tsy amin'ny fo misokatra, dia ho fifanoherana iray izany.

124 Fa raha hamaky an'Izany amin'ny fisainana misokatra ianareo, "Ny Fanahy Masina dia nanafina an'izany tamin'ny mason'ny hendry sy ny manan-tsaina," Jesosy no niteny an'izany, ary nisaotra an'Andriamanitra ny amin'izany, "fa nanambara an'Izany tamin'ny zazakely izay te-hianatra." Raha manana fisainana iray ianareo, ary tsy fisainana tia tena iray, fa fo iray manaiky hianatra, dia ny Fanahy Masina no hampianatra anareo an'ireo zavatra ireo.

125 Ankehitriny raha tsy mitaha izany... Hoy ianareo hoe, "Ahoana no ahafantaranao fa marina ny anao?" Eny, mitaha amin'ny sisa amin'ny Soratra izany. Raha tsy izany ianareo, dia manana fifanoherana hentitra iray eto.

126 Ankehitriny dia te-hametraka fanontaniana iray aminareo aho. Ity no toko farany an'ny Matio. Handray azy ao anatin'ny endrika kely iray aho, mba ny tsirairay avy aminareo... hahazoan'ny ankizy Azy.

127 Ohatra, raha mamaky tantaram-pitiavana iray ianareo, ka ny faran'izany dia izao no voalaza hoe, "Dia niaina sambatra mihitsy i Mary sy John taorian'izany." Eny, manontany ianareo hoe iza i John sy Mary izay niaina sambatra mihitsy taorian'izany. Ankehitriny, raha te-hahafantatra ianareo hoe iza i John sy Mary, dia tsaratsara kokoa aminareo ny miverina any amin'ny voalohan'ilay boky ka hahita hoe iza i John sy Mary. Noho izany dia miverena eto dia hahita hoe iza i Mary, ary avy amin'ny fianakaviana inona izy; ary iza i John, ary avy amin'ny fianakaviana inona izy, ary iza no anarany, ary ahoana no nivadian'izy ireo, sy ny rehetra mikasika an'izany. Marina ve izany?

128 Eny, tahaka an'izany ny famakiana ny Baiboly eto. Rehefa... Jereo, Jesosy dia tsy nilaza mihitsy hoe, "Mandehana manao batisa ny olona amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, amin'ny anaran'ny Fanahy Masina," tahaka ny anaovan'ny olona trinitrana batisa. Tsy misy Soratra ho an'izany ao amin'ny Baiboly. Tsy nilaza mihitsy Izy hoe, "Amin'ireo anarana (ireo a-n-a-r-a-n-a), ireo anarana" an'ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.

129 Hoy Izy hoe, "Amin'ny (a-n-a-r-a-n-a) anarana," tokana. Jereo ny Baibolinareo eo dia tadiavo raha marina izany, Matio 28, "Amin'ny *Anarana*."

130 Tsy hoe "amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, ..." tahaka an'izany no anaovan'ny mpitory teny trinitera batisa. "Amin'ny anaran'ny Ray, amin'ny anaran'ny Zanaka, ary amin'ny anaran'ny Fanahy Masina." Tsy ao anatin'ny Baiboly akory aza izany.

131 "Noho izany amin'ny anarana..." Hoy ianareo hoe, "Eny, noho izany amin'ny anaran'ny 'Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina.'" Noho izany dia misy Anarana anankiray eo.

132 Eny, anarana iray ve ny *Ray*? Firy no mahafantatra fa tsy anarana iray ny *Ray*. *Ray* dia titra iray. *Zanaka* dia tsy anarana iray. Firy no mahafantatra fa tsy anarana iray ny *Zanaka*? Misy ray firy ato? atsangano ny tãnanareo. Misy zanaka firy ato? atsangano ny tãnanareo. Eny, iza aminareo no manana anarana hoe “*Zanaka*”? Iza aminareo no manana anarana hoe “*Ray*”? Eny àry, tsy anarana iray ny *Fanahy Masina*. Ny *Fanahy Masina* dia izay maha-izy Azy. Misy olombelona firy ato? atsangano ny tãnanareo. Hitanareo? Eo ianareo izao, ny *Fanahy Masina* dia izay maha-izy Azy. *Ray*, *Zanaka*, ary *Fanahy Masina*, na ny anankiray amin'ireo aza dia tsy anarana; tsy misy anarana eo amin'izany.

133 Eny, noho izany, raha hoy Izy hoe, “*Manaova batisa amin'ny Anaran'ny Ray, Zanaka ary Fanahy Masina,*” dia tsaratsara kokoa amintsika ny miverina ka hahita hoe Iza no *Ray, Zanaka*, ary *Fanahy Masina*. Ndao isika hamadika ao amin'ny toko faha-1-n'ny *Matio* raha izany, hahita hoe Iza io *Olona* izay natao anaovantsika batisa amin'ny *Anarana* io. Ary manomboka isika ankehitriny amin'ny *Matio*, ny toko faha-1, ary ny andininy faha-18. *Mamakia tsara, ianareo rehetra.*

134 Ankehitriny, ianao izay nametraka an'ilay fanontaniana, tehanome kisarisary kely aho eto. Ankehitriny dia hametraka zavatra telo aho eto mba hahazoanareo mazava tsara, (hanao an'ilay kisarisary) ireto *Baiboly* sy boky ireto, mba hanaovana kisarisary.

135 Eny àry, tiako ianareo handinika ahy tsara, ka aoka ny tsirairay avy hanaraka ahy ankehitriny. Ankehitriny, *ity* eto ity *Andriamanitra* ilay *Ray*. *Ity* eto ity *Andriamanitra* ilay *Zanaka*. *Ity* eto ity *Andriamanitra* ilay *Fanahy Masina*. Ankehitriny, firy no mahazo? Avereno ilay izy aoriako. Iza ity eto ambany eto ity? [Hoy ny fiangonana hoe, “*Fanahy Masina.*”—*Mpand.*] *Fanahy Masina*. Iza ity eto ambony ity? [Hoy ny fiangonana hoe, “*Ray.*”] Iza ity eto ity? [Hoy ny fiangonana hoe, “*Zanaka.*”] Ankehitriny dia tahaka an'izany no inoan'ny trinitera an'izany, *Hitanareo*, izany no manao antsika ho mpanompo sampy, manta arak'izay maha-izy azy mihitsy.

136 Ny *Jiosy*; izany no antony tsy ahafahanareo manao na inona na inona amin'ny *Jiosy* iray. Hoy izy hoe, “*Tsy afaka mandidy an'Andriamanitra ho silany telo ianareo ka hanome Azy ho an'ny Jiosy iray.*” Fa, tsia tokoa, amiko koa aza dia tsy afaka ianareo. *Hitanareo*? *Tsia*, tompoko. *Andriamanitra* anankiray *Izy*. *Marina* tokoa izany. *Tsy Andriamanitra* telo. Ankehitriny dia mariho hoe ahoana—ahoana—tsotra toy ny ahoana *Izany*.

137 Ankehitriny dia hahita isika. Ankehitriny, iza no. . . *Ity* dia Iza? Aoka hiteny ny anankiray ankehitriny. *Andriamanitra* ilay *Zanaka*. *Marina* ve izany? *Ity* no ilay *Zanaka*. Eny, noho izany dia *Andriamanitra* No *Rainy*. *Marina* ve izany? Firy no mino fa Ny

Rainy dia Andriamanitra, atsangano ny t̄ananareo. Firy no mino fa Andriamanitra no Rain'i Jesosy Kristy? Eny àry.

Ankehitriny ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao: . . .

138 Ankehitriny hiverina isika dia hahita hoe Iza no Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, izay nolazain'i Matio hoe “manaova batisa amin'ny Anarana.” Hitanareo, ny Anarana; tsy hoe ireo anarana ankehitriny, satria tsy mety ho ireo anarana izy ireo, satria tsy misy anarana eo.

Ankehitriny ny nahaterahan'i Jesosy Kristy dia toy izao: Rehefa . . . nanaiky ho fofombadin'i Josefa i Maria reniny, talohan'ny hikambanan'izy ireo, dia hita fa efa nanana zanaka iray izy avy tamin'Andriamanitra ilay Ray. (Izany ve no lazain'ny Baiboly? Inona no lazain'ny Baiboly?) . . . hita fa nanana zanaka iray izy avy tamin'ny Fanahy Masina.

139 Noho izany dia iza amin'ireto No Rainy? Ankehitriny, ny Baiboly dia nilaza fa *ity* No Rainy, nefa Jesosy dia nilaza fa *ity* No Rainy. Ankehitriny, iza No Rainy? Ankehitriny, raha nanana ray anankiroa izy, dia ahoana ny amin'izany ankehitriny? Raha nanana ray anankiroa Izy, dia zazasary iray Izy.

140 Ankehitriny dia ndao isika hanohy hamaky lavidavitra kely:

Noho izany Josefa vadiny, izay lehilahy marina, dia tsy ninia hanao azy ho ohatra ampahibemaso iray, fa nikasa hametraka azy mangingina.

Fa raha mbola nisaina an'ireo zavatra ireo izy, indro, ny anjelin'ny Tompo niseho teo aminy tamin'ny nofy, nanao hoe, Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra ny haka an'i Maria ho vadinao: fa izay ao an-kibony dia avy amin'ny. . . [Hoy ny fiangonana hoe, “Fanahy Masina”—Mpand.]

141 Ny inona? Ny Fanahy Masina? Eny, ahoana no ahafahan'ilay Ray ho rainy, sy ny Fanahy Masina ho Rainy amin'ny fotoana iray ihany? Ankehitriny, nanana ray anankiroa Izy arak'izany, raha marina izany. Tsia, tompoko! Ny Fanahy Masina DIA Andriamanitra. Ny Fanahy Masina DIA ANDRIAMANITRA. Noho izany Andriamanitra sy ny Fanahy Masina dia ilay Olona tokana iray ihany, raha tsy izany dia nanana ray anankiroa Izy.

142 Hitanareo, ho hitantsika hoe iza i *John sy Mary*, afaka kelikely. Eny àry, ho hitantsika raha niezaka nifanohitra i Petera sy Matio na tsia, hahita raha manohitra ny Tenany ny Soratra. Ilay izy dia tsi-fahampian'ny fahazoana ara-panahy iray. Marina izany.

Fa raha mbola nisaina an'ireo izy . . .

143 Efa naka an'ity anankiray ity aho, ny andininy faha-20. Ankehitriny ny faha-21:

Ka hiteraka zazalahy izy, . . . (Ity Olona ity, iza amin'ireto? Olona Anankiray, Andriamanitra.) . . . ary ianao dia hiantso ny anarany. . . (iza?) [Mamaly ny fiangonana hoe, "JESOSY"—Mpand.] . . . fa izy no hamonjy ny olony ho afaka amin'ny fahotany.

. . . izany rehetra izany no tonga, mba . . . hahatanteraka an'izay nampilazain'ny Tompo ny mpaminany, nanao hoe,

Indro, hitoe-jaza ny virijiny, ka hiteraka zazalahy, ary izy ireo hiantso ny Anarany hoe Imanoela, . . . raha adika dia, Amintsika Andriamanitra.

¹⁴⁴ Noho izany dia iza i *John sy Mary* izay niaina sambatra mihitsy taorian'izany? Iza ilay Anankiray izay nanao hoe, "Mandehana ianareo arak'izany, mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy ireo amin'ny anaran'ny Ray, Zanaka, ny Fanahy Masina"? Iza ilay Ray? Ilay Anaran'ny Ray, Zanaka, Fanahy Masina? [Hoy ny olona iray hoe, "Jesosy"—Mpand.] Izany tokoa, izany ilay izy. Azo antoka, tsy misy fifanoherana amin'izany. Na kely aza. Manazava ny Soratra fotsiny izany. Izy no Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Andriamanitra dia (Imanoela) nonina teo anivontsika, nitoetra tao anatin'ny vatana iray nantsoina hoe "Jesosy."

¹⁴⁵ Ankehitriny, ny fampianaran'ny an'ny tokana an'ny fiangonana an'ny Tokana, tsy mifanaraka amin'izany tokoa aho, mihevitra fa Jesosy dia anankiray tahaka ny maha-anankiray ny fanondronareo. Tsy maintsy nanana ray iray Izy. Raha tsy nanana Izy, dia ahoana no Ahafahany ho ny Rainy Manokana? Ary raha lehilahy iray Ny Rainy tahaka ny lazain'ny trinitera, amin'izay fotoana izay dia teraka tamin'ny fahaterahana tsy ara-dalàna iray niaraka tamin'ny ray anankiroa Izy. Noho izany, hitanareo, samy diso ianareo roa amin'ny fiadian-kevitra. Hitanareo?

¹⁴⁶ Fa ny Fahamarinana amin'ilay izy dia, hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, dia Maha-olona anankiray. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . nitoetra tao anatin'ny tabernakelin'ny nofo iray, mba hanaisotra ny fahotana amin'izao tontolo izao. Marina tokoa izany, "Amintsika Andriamanitra." Ankehitriny, noho izany, rehefa ny Matio 28:19. . .

¹⁴⁷ Ankehitriny, zahao ny Soratra, ary rehefa afaka mahita ianareo izay misy olona anankiray ao amin'ny Baiboly. . . (eritrereto izany ankehitriny, ankehitriny aza mamela an'ity handalo eo amboninareo). . . izay misy olona anankiray ao amin'ny Baiboly hany natao batisa tamin'ny anaran'ny "Ray," sy ny "Zanaka," ary ny "Fanahy Masina," dia miverena eto amiko ka teneno amiko fa mpihatsaravelatsihy iray aho, ary hametraka takelaka iray aho ao an-damosiko ary handeha manerana ny tanàna. Tsy ao amin'ny Soratra izany, manomboka

amin'ny Genesisy ka hatrany amin'ny Apokalypsy. Fa ny olona tsirairay ao amin'ny Baiboly dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy!

148 Hoy ianareo hoe, “Andraso iray minitra, ry mpitory teny. Ahoana ny amin'i Jaona? Tsy nanao batisa tamin'ny anarana iray mihitsy izy!”

149 Eny àry, ho hitantsika izay nitranga; ndao isika hamadika ao—ao amin'ny—ny Asa, ny toko faha-19. Eo no ahitantsika an'ireo mpianatr'i Jaona. Ny olona tsirairay dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, nitohy foana ankehitriny mandra-pahitantsika an'ity vondrona eto ity. Asa, ny toko faha-19. Ary ndao isika hanomboka ny famakiana ankehitriny, dia ho hitantsika ireo mpianatr'i Jaona:

Ary izao no niseho, . . . raha mbola i Apolosy (izay olon'ny lalàna iray, niova fo) no tany Korinto, i Paoly dia nitety ny morontsiraka ambonin'i . . . Efesosy: mahita mpianatra sasany izy, (mpanaraka an'i Jesosy izy ireo)

150 Raha nanamarika mihitsy an'ilay toko io aloha io ianareo, dia nanana fotoana lehibe izy ireo hany ka nihiakiaka sy nifaly. Firy no mahafantatra fa marina izany? Ary nanatrika an'ilay fivoriana i Akoila sy Prisila. Fa i Paoly sy Silasy dia nokapohina sy nendahina, ary natao tao am-ponja. Marina ve izany? Ary tonga teo izy ireo, ka nahita an'i Akoila sy Prisila. Ary nanana fifohazana iray izy ireo teo tamin'ny alàlan'ny mpitoritony Batista iray, amin'ny anarana hoe Apolosy, izay nanaporofa tamin'ny alàlan'ny Soratra fa “Jesosy no Kristy.” Ankehitriny dia mahita azy i Paoly:

. . . Paoly dia nitety ny morontsiraka ambonin'i . . . Efesosy: . . . mahita mpianatra sasany,

Hoy izy tamin'izy ireo hoe, Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony ianareo vao nino? . . .

151 Ankehitriny, ry sakaiza Batista malala, raha tsy izany no manongotra an'ireo—ireo fototra avy any ambany an'ny teolojianareo, rehefa nilaza ianareo fa ianareo dia “nandray ny Fanahy Masina rehefa nino ianareo.”

152 Fa te-hanontany an'ireo Batista ireo i Paoly hoe, “Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony ianareo vao nino?” Diniho ankehitriny izay nolazain'izy ireo:

. . . Dia hoy izy ireo taminy, Izahay tsy mahafantatra . . . fa misy ny Fanahy Masina.

Dia hoy izy tamin'izy ireo, Ho amin'ny inona . . . (ankehitriny, raha tianareo ny haka ny leksika Grika eto, izany dia haneho aminareo hoe, “Toy ny ahoana no nanaovana batisa anareo?”) . . . Ho amin'ny inona . . . no nanaovana batisa anareo? Dia hoy izy ireo taminy, Teo ambanin'i Jaona eto io. Jaona no nanao batisa anay.

153 Ankehitriny dia te-hanontany aho: Raha nahazo an'izany batisa izany ianareo, dia ho afa-po tamin'izany ve ianareo? Ilay lehilahy iray ihany izay nitondra an'i Jesosy tao anatin'ilay renirano, sy nanao batisa an'i Jesosy Kristy, io lehilahy iray io ihany no nanao batisa an'ireto olona ireto. Batisa tena tsara iray izany: tsy namafy, tsy nandraraka, fa nanitrika tao anatin'ilay Jordana namotaka teo amin'ny toerana iray ihany izay nanaovana batisa an'i Jesosy. Eritrereto izany.

154 Hoy i Paoly hoe, “Efa nandray ny Fanahy Masina ve ianareo fony ianareo vao nino?” Izy ireo . . . izy . . .

Hoy izy ireo hoe, “Tsy fantatray . . . fa misy ny Fanahy Masina.”

Hoy izy hoe, “Toy ny ahoana no nanaovana batisa anareo?”

Hoy izy ireo hoe, “Natao batisa izahay.”

“Ahoana no nanaovana batisa anareo?”

“Tamin'i Jaona!”

155 Diniho ankehitriny izay nolazain'i Paoly. Diniho eto:

Ary hoy izy tamin'izy ireo, . . . ianareo ve natao bat- . . .

Tamin'i Jaona . . . Ary izy ireo . . .

Ary avy eo dia hoy i Paoly hoe, Jaona dia nanao batisa marina tokoa . . . ny bat- . . . ho amin'ny fibebahana, nilaza tamin'ny . . . olona, . . . fa izy ireo dia tokony hino an'ilay ho avy aoriany, izany hoe, an'i Jesosy Kristy.

156 Hitanareo, Jaona dia nanao batisa fotsiny ihany ho amin'ny fibebahana, fa ny batisan'ny rano amin'ny Anaran'i Jesosy dia ho an'ny famelàna ny fahotana. Tsy mbola vita ny fanaovam-panavotana tamin'izany, tsy azo navela ny fahotana. Ankehitriny . . . Famaliana ny fieritreretana fotsiny izany, tahaka ny teo ambanin'ny lalàna. Lioka 16:16, nanao hoe, “Ny lalàna sy ny mpaminany dia hatramin'i Jaona, hatramin'izany no efa notoriana ny Fanjakana.” Diniho ankehitriny. Ary . . . Diniho.

Ary Paoly nanao ta- . . . (diniho ankehitriny) . . . Efa nandray ve ianareo . . .

157 Ny andininy faha-5—faha-5:

Ary rehefa nahare an'izany izy ireo, dia natao batisa (indray) tamin'ny anaran'i . . . Jesosy Kristy.

158 Marina ve izany? Noho izany ireto olona ireto, ireo olona ao amin'ny Asa 2, dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy. Ireo Jiosy dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy. Ireo Jentilisa dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy. Ary ny olona tsirairay ao amin'ny Baiboly manontolo dia natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy.

159 Ankehitriny dia mitadiava toerana izay misy olona hafa iray hany natao batisa tamin'ny fomba hafa, dia handeha eto mihitsy

aho ka haneho aminareo hoe aiza no aneken'ny fiangonana Katolika an'izany, ka hilaza fa miondrika amin'izany ianareo. Ary nanao hoe, “Mety hisy Protestanta sasantsasany voavonjy satria manana vitsivitsy avy amin'ny foto-pampianarana Katolika izy ireo, toy ny batisa amin'ny anaran'ny ‘Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina’; ka ilay fiangonana masina Katolika dia manana zô hanova an'io haja io avy amin'ny Anaran'i Jesosy, ho amin'ny ‘Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina,’ ary manaiky an'izany ny fiangonana Protestanta.” Ity anankiray ity dia tsy manaiky, mijanona miaraka amin'ny Baiboly aho. Mino ny Baiboly aho.

¹⁶⁰ Hoy ianareo hoe, “Rahalahy Branham, maniraka ny olona haverina hatao batisa indray ve ianao?” Tanteraka tokoa! Naniraka i Paoly, eto.

¹⁶¹ Diniho ankehitriny, ndao isika haka ny Galatiana 1:8, ka hahita an'izay nolazain'i Paoly:

...na dia izahay aza, na anjely iray avy any andanitra, no mitory filazantsara hafa aminareo...dia aoka izay ho voaozona.

¹⁶² Eo ianareo izao, “Raha izahay na anjely iray.” Ary i Paoly, ilay lehilahy iray ihany, dia naniraka an'ireo olona izay nanana batisa tsara lavitra kokoa noho izay nanananareo mba haverina hatao batisa indray, ry rahalahiko; satria Jaona Mpanao-batisa dia rahalahin'i Jesosy Manokana, rahalahy faharoa; nanao batisa ny rahalahiny manokana tao amin'ny reniranon'i Jordana, ary nitodika avy hatrany ka nanao batisa an'ireo mpianatr'i Jaona. Ary hoy Jesosy hoe, “Tsy hety izany!” na i Paoly no nilaza an'izany, ka naniraka azy ireo mba haverina hatao batisa indray amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy talohan'ny nahafahan'izy ireo nandray ny Fanahy Masina; rehefa avy nihiakiaka sy nidera an'Andriamanitra ary nanana fotoana goavana iray, nanana fifohazana lehibe—lehibe, ary nanaporofa tamin'ny alàlan'ny Baiboly (niaraka tamin'ny teolojia) fa Jesosy no Kristy. Firy no mahafantatra fa izany ny Soratra? Ny toko faha-18. Izany tokoa no izy. Eo ianareo izao. Noho izany dia tsy misy fanontaniana ny amin'izany.

¹⁶³ Ankehitriny dia mamelà ahy hanome anareo foto-kevitra kely iray. Ankehitriny, tsy nivoaka an'ilay lamina mihitsy izy, fa ao amin'ny Lioka...Matio, ny toko faha-16. Jesosy, rehefa nidina avy teny an-tendrombohitra izy ireo, dia hoy Izy hoe, “Ataon'ny olona ho Iza moa Aho ilay Zanak'olona?”

¹⁶⁴ “Ny sasany milaza fa Ianao no ‘Elia,’ ary ny sasany milaza fa Ianao ny ‘mpaminany,’ ary ny sasany milaza fa Ianao no ‘ity, itsy.”

¹⁶⁵ Hoy Izy hoe, “Fa ianareo milaza hoe Iza?”

¹⁶⁶ Hoy Petera hoe, “Tanao no Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona.”

167 Diniho! “Sambatra ianao, ry Simona Bar-jona (ilay zanak'i Jonasy), tsy ny nofo aman-drà mihitsy no nanambara an'Izany taminao.” Amena!

168 Hitanareo, tsy maintsy avy amin'ny fanambarana ara-panahy Izany. Tsy ny nofo aman-drà mihitsy no niteny tamin'i Abela hoe diso izy (Kaina, hoe diso izy), tsy niteny tamin'i Abela mihitsy hoe “Diso i Kaina.” Fa Izany dia fanambarana iray izay nananan'i Abela hoe, “Ny rà izany!” Hiditra eo amin'izany fanontaniana izany isika afaka minitra vitsy. Ny Rà izany, tsy voankazo, no nanala antsika tao amin'ny sahan'i Edena. “Ny rà izany,” ary Abela, tamin'ny fanambarana ara-panahy... no voambaran'Andriamanitra fa ny rà izany. Ary izy, “Tamin'ny finoana” Hebreo 11:1 dia milaza hoe, “izy dia nanolotra ho an'Andriamanitra ny fanatitra tsara indrindra noho i Kaina. Koa, nanaiky ny fanatiny Andriamanitra.” Eo ianareo izao. Hitanareo, nanolotra an'izany tamin'ny finoana izy, tamin'ny alàlan'ny fanambarana.

169 Diniho ankehitriny, “Tsy ny nofo aman-drà no nanambara an'izany taminao,” (taty aoriana ela mihitsy dia ny Tompo Jesosy) “fa Ny Raiko izay any An-danitra no nanambara an'Izany taminao. Ary eo ambonin'ity vatolampy ity (ny fanambaran'i Jesosy Kristy)... Eo ambonin'ity vatolampy ity no Hanorenako Ny Fiangonako, ary ny vavahadin'ny helo tsy haharesy Azy.” Izany no Nolazainy. Ara-panahy fan-... “Ary Lazaiko fa ianao no Petera, ary Homeko anao ireo fanalahidin'ny Fanjakana. Ary na inona... Satria manana fantsona ara-panahy misokatra ianao eo anelanelan'ny eto sy ny Lanitra. Nofo aman-drà: tsy nandeha tao amin'ny seminera iray mihitsy ianao, tsy nanao fianarana mihitsy ianao, ianao tsy nanaraka mihitsy ny—ny—ny fiofanana ara-teolojia. Fa niankina tamin'Andriamanitra ianao, ka Andriamanitra no nanambara an'Izany taminao, ary ny Soratra mazava tanteraka tokoa no mamatotra an'Izany miaraka. Lazaiko fa ianao no Petera, marina izany, ary Homeko anao ireo fanalahidy; ka izay fatoranao eto an-tany, dia Hofatorako izany any An-danitra; izay vahanao eto an-tany, dia Hovahako izany any An-danitra.”

170 Ary Petera no mpitondra teny tamin'ny Andron'ny Pentekosta, rehefa natahotra ny hiteny izy rehetra, dia niteny izy ka nanao hoe, “Ianareo lehilahin'i Jodia sy ianareo izay monina eto Jerosalema, aoka ho fantatranareo izao ka henoy ny Teniko. Tsy mamalo araka ny heverinareo ireo, satria vao ora fahatelon'ny andro izao, fa izao ilay nampilazaina an'i Joela mpaminany. ‘Izao no hiseho amin'ny andro farany,’ hoy Andriamanitra, ‘Izaho handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra. Ny zanakalahinareo sy zanakavavinareo haminany. Ary eo amin'ny Mpanompolahiko, ireo mpanompovavy, no Handatsahako Ny Fanahiko. Ary Izaho haneho famantarana eny amin'ny lanitra ambony sy eto amin'ny tany ambany, sy andrin-

tsetroka sy zavona. Izany no hiseho alohan'ny hahatongavan'ilay Andron'ny Tompo lehibe sy mahatahotra, fa na iza na iza hiantso ny Anaran'ny Tompo dia hovonjena.” Eo ianareo izao. Oh, oadray.

171 “Mamelà ahy hiteny aminareo marimarina ny amin'i Davida patriarka,” hoy izy, “izy dia sady efa maty no nalevina, ary eto amintsika androany ny fasany. Noho izany, satria mpaminany iray, dia nahita izy... nahita Azy mialoha teo an-Tanany ankavanana, ‘Ary tsy hangozohozo Aho. Na dia ny Nofoko aza dia hitoetra ao amin'ny fanantenana satria tsy hamela ny Aiko ao amin'ny helo Izy, na hamela Ny Iray Masinao habita ny lô.”

172 “Ary Davida dia sady efa maty,” hoy izy, “no nalevina, ary eto amintsika androany ny fasany. Fa satria mpaminany iray, dia nahita mialoha ny fihavian'ilay Anankiray Marina izy, Izay nataon'Andriamanitra ho Tompo sy Kristy.” Oh, oadray. Io ny Soratrareo. Io ilay zavatra. Izay ilay izy.

173 Ankehitriny dia hitantsika ato, arak'izany, fa ilay fomba marina, sy ilay tena fomba, ary fomba tokana izay hany voatendry... Ary i Petera no nanana an'ireo fanalahidy, ka indray andro rehefa nitory teny izy, dia hoy izy ireo hoe... Diniho ankehitriny, indro ilay Fiangonana voalohany. Ianareo Katolika henoy Ity. Ianareo Campbellites henoy Ity. Ianareo Batista sy Metodista henoy Ity. Ary ianareo Pentekotista henoy Ity. Fianganan'Andriamanitra, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, henoy Ity.

174 Petera no nanana an'ireo fanalahidy, ary izy no nanana ny fahefana, fa raha tsy izany dia nandainga Jesosy. Ary tsy Azony atao ny mandainga, “zavatra roa tsy miovaova, tsy azon'Andriamanitra atao ny mandainga.” Izy no nanana an'ireo fanalahidy. Jesosy no nanome azy an'ireo fanalahidy. Rehefa nitsangana Izy tamin'ny—tamin'ny andro fahatelo tahaka an'izany, dia Izy no nanana an'ireo fanalahidin'ny fahafatesana sy, ny helo, fa tsy ireo fanalahidin'ny Fanjakana. Petera no nanana azy ireo! Marina tokoa izany.

175 Ary diniho ankehitriny, Petera, manana an'ireo fanalahidy mihantona eo amin'ny valahanao ianao, ary nitory teny ianao. Tonga ny fanontaniana, ireo niova fo voalohany an'ilay fiangonana vaovao. Ilay Fiangonana Kristiana voalohany. Ankehitriny ry Katolika, ankehitriny ry Batista, Metodista, Presbyterana, eo ambonin'ny foto-pampianaran'ny Fiangonana Vaovao ve ianareo? Jereo raha eo ianareo.

... Ry lehilahy sy rahalahy, inona no azonay atao?

... Petera nitsangana ka nanao hoe... Mibebaha, ... ny tsirairay avy aminareo... (tandremo, ry tovolahy; ny fomba ametrahanao an'ireo fanalahidy eto ireo, no hametrahanao i Kristy azy any An-danitra)... Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa

amin'ny anaran'i Jesosy Kristy... (tahaka an'izany no idirana ao amin'Ity)... ho an'ny famelàna ny fahotanareo, ary ianareo handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina.

176 Ireo fanalahidy dia nanao hoe “klik” teto, ary nanao hoe “klik” izany Tany. Izany no antony tsy maintsy nahatongavan'ireo mpianatr'i Jaona ary naverina natao batisa, indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy (talohan'ny nahafahan'izy ireo niditra tany An-danitra), nahazo ny Fanahy Masina. Nihazona Ny Teniny Izy. Noho izany dia tsy mampikorontana anareo izany ankehitriny, sa tsy izany? Hitanareo? Izany tokoa, Matio 28:19 dia titra, fa tsy Anarana.

177 Eny àry, mbola manana fotoana firy isika? Afaka mahazo dimy ambin'ny folo minitra amboniny ve isika hamaliana fanontaniana vitsivitsy amboniny haingana mihitsy? Afaka ve isika? Eny àry, handeha haingana mihitsy isika. Manana anankiroa aho eto ambany eto, izay tiako raisina haingana, mikambana mihitsy amin'ity, raha vitako. Avy eo dia afaka maka ny sisa amin'izy ireo aho amin'ny Alahady maraina.

57. Zanak'ilay menarana ve i Kaina? (Anankiray tsara ity.) Raha izany, dia nahoana i Eva no tsy nitoe-jaza raha tsy efa avy nahalala azy i Adama?

Ilay mitovy... Ny fanontaniana manaraka dia mitovy ihany:

58. Ilay izy ve dia—dia avy amin'ny hazo iray ara-bakiteny no nihinanan'i Eva an'ilay voankazo? Hitany fa tsara ho fihinana ilay izy.

178 Eny àry, rahalahy, ranabavy, na iza na iza ilay izy, ndao isika hiverina ao amin'ny Genesisy ka hahita zavatra iray eto. Ndao isika handeha ao amin'ny Genesisy 3:8, raha sitrakareo. Eny àry, ary henoy tsara mihitsy ankehitriny.

179 Ankehitriny dia hampahatsiahy an'ilay tantara aho. Madio sy masina daholo tamin'izany, tsy nisy fahotana na fahalotoana. Ankehitriny aho dia haka ny... anareo... ity fanontaniana voalohany ity aloha. Ny hazo ao amin'ny fiainana... ilay afovoan'ny saha, teo afovoan'ny hazo. Ny hazo dia “ny vehivavy.” Ankehitriny dia ho porofoiko aminareo amin'ny alàlan'ny Soratra izany raha haharitra minitra vitsy fotsiny ianareo.

180 Ho jerentsika aloha izy raha... raha nitoe-jaza talohan'ny nahalalany an'i Adama na tsia, na taloha... Henoy:

Ary nandre ny feon'ny TOMPO Andriamanitra nitsangatsangana tao amin'ny saha izy ireo, ary tamin'ny hatsiatsiakan'ny andro: ary Adama sy ny vadiny dia nanafina ny tenany tamin'ny fanatrehan'ny TOMPO Andriamanitra tao anivon'ireo hazon'ny saha.

Ary ny TOMPO... niantso an'i Adama, ka nanao hoe... Aiza moa ianao?

Dia hoy izy hoe, Nandre ny feonao tao amin'ny saha aho, ka natahotra, satria nitanjaka aho;... (ankehitriny, tsy nahafantatra an'izany izy ny andro talohan'io; nisy zavatra nitranga, nisy zavatra nanambara taminy fa nitanjaka izy) ka nanafina ny tenako.

Dia hoy izy hoe, Iza no niteny taminao fa ianao dia nitanjaka? Efa nihinananao ve ny avy amin'ny hazo, ...?

¹⁸¹ Ny nihinana avy tamin'ny hazo ve dia nanao azy hahalala fa nitanjaka izy? Araka ny lazaiko mazàna, (tsy vazivazy ity, tsy mana an'ilay izy ho vazivazy aho) “Fa raha ny fihinanana paoma no nahatonga ny vehivavy hahalala fa mitanjaka izy ireo, dia tsaratsara kokoa amintsika ny mandefa an'ireo paoma indray.” Hitanareo? Ilay izy dia tsy nitanjaka iray. Ilay izy dia tsy hazo iray, paoma iray no nohanin'izy ireo, ilay izy dia arapananahana. Diniho:

...Efa nihinananao ve ny avy amin'ny hazo, izay nandidiako anao fa tsy tokony ho haninao?

Dia hoy ilay lehilahy hoe, Ny vehivavy izay nomenao ahy, mba hiaraka amiko, izy no nanome ahy... ny hazo, ka nihinana aho.

Ary ny TOMPO... nanao tamin'ny vehivavy hoe, Inona izao efa nataonao izao? Dia hoy ny vehivavy hoe, Ny menarana no namitaka ahy, ... (hah?)... Ny menarana no namitaka ahy, dia nihinana aho. (fotoana ela talohan'ny nananany anaka, hitanareo, tamin'i Adama)

¹⁸² Nahalala azy i Adama, dia nitoe-jaza izy ka niteraka—ka niteraka an'i Abela.

¹⁸³ Fa te-hanontany anareo aho, avy amin'ny foto-kevitra arabakiteny iray fotsiny. Ankehitriny mba hanaporofoina aminareo fotsiny fa izy no ilay hazo, ny vehivavy tsirairay dia hazo fihinam-boa. Firy no mahafantatra an'izany? Tsy voan'ny reninareo ve ianareo? Izany tokoa, izany ianareo. “Ary eo afovoan'ny voa, na eo afovoan'ny hazo, ilay voa izay tsy azony kasihana.”

¹⁸⁴ Raha hanamarika ianareo, tsy Jesosy ve no Hazon'Aina? Tsy nampanantena ve Izy ao amin'ny Masindahy Matio, na, Masindahy Jaona, ny toko faha-6 hoe, “Izaho no Mofon'Aina izay avy tamin'Andriamanitra any An-danitra”?

¹⁸⁵ Raha mihinana avy amin'ny vehivavy ny lehilahy iray... Ary jereo, amin'ny alàlan'ny fahaterahan'ny... amin'ny alàlan'ny vehivavy, dia maty isika rehetra; satria eo ambany saokan'ny fahafatesana isika (marina ve izany?) tamin'ny alàlan'ny fahaterahana avy amin'ny vehivavy. Amin'ny alàlan'ny fahaterahan'ny lehilahy, dia velona mandrakizay isika rehetra.

Ny vehivavy dia hazom-pahafatesana, ny lehilahy dia hazom-piainana; satria tsy mitondra fiainana ao anatiny akory aza ny vehivavy. Tena marina tokoa izany. Ny—ny tsimok'aina dia mivoaka avy amin'ny lehilahy, marina tokoa. Miditra ao amin'ny vehivavy, ary ny vehivavy dia tsy misy afa-tsy fikotrehana iray fotsiny; ary ny zazakely dia tsy mifandray, afa-tsy amin'ny tadim-poitra fotsiny ihany. Tsy misy pentin-drà iray an'ny reny ao amin'ilay zazakely; nateraka tao amin'ny ràny, saingy tsy misy pentina anankiray ao *anatin'ilay* zazakely. Mandehana tadiavo...na vakio ny bokin'ny dokotera, na anontanio ny dokoteranareo, dia ho hitanareo. Tsy misy ao, tsia, tompoko, tsy misy pentina anankiray an'izany mihitsy. Atody fotsiny izy, izay ihany. Ary ny aina dia avy amin'ny lehilahy.

186 Izany dia tandindona tsara tarehy iray mba hanehoana fa amin'ny alàlan'ny vehivavy, amin'ny alàlan'ny fahaterahana ara-boajanahary, dia tsy maintsy maty isika rehetra, satria maty isika eo am-panombohana; ary amin'ny alàlan'ny Lehilahy Kristy Jesosy no ahafahantsika ho velona. Ary nisy hazo anankiroa tao amin'ny sahan'i Edena. Tsy afaka mahita an'izany ve ianareo?

187 Ary diniho! Fa tamin'io andro io dia nisy Kerobima iray napetraka hiambina an'io hazo io. Ary raha sendra ka nanandrana an'io Hazon'Aina io izy ireo, dia ho velona mandrakizay izy rehetra. Firy no mahafantatra an'izany? Ho velona mandrakizay izy rehetra. Ary ny fotoana voalohany nahafahan'izy ireo nanandrana an'izany. . . Hoy ilay Anjely hoe, “Hambenanay Izany.” Dia nasian'izy ireo Kerobima teo niaraka tamin'ireo sabatra misy lelan'afo nankany atsinanana mba hiambina an'Izany. Nentin'izy ireo niverina nankany Atsinanana Izany, ary nambenany io Hazo io niaraka tamin'ny sabatra misy lelan'afo mba tsy hahafahan'izy ireo miditra haka an'Izany (io Hazo io).

188 Ary rehefa tonga Jesosy, dia hoy Izy hoe, “Izaho no Mofon'Aina, ka ny olona izay mihinana an'izany mofa izany dia tsy ho faty mihitsy.” Io ny Hazonareo.

189 Io ny vehivavinareo, io ny fananahanareo izay mitondra fahafatesana. Azo antoka mihitsy fa raha misy ny filàna aranofo, dia misy fahafatesana valin'izany. Ary azo antoka fa raha misy ny fahaterahana ara-panahy, dia misy Fiainana Mandrakizay valin'Izany. Ny fahafatesana dia tonga amin'ny alàlan'ny fahaterahana avy amin'ny vehivavy iray, ary ny Fiainana dia tonga avy amin'ny fahaterahana avy amin'ny Lehilahy iray. Amena! Eo ianareo izao.

190 Ankehitriny dia ndao isika hiverina amin'i Kaina. Azonareo tenenina amiko ve hoe avy aiza io fanahy sy faharatsiampanahy io? Raha Kaina. . . jereo, raha Kaina no zanak'i Adama izay zanak'Andriamanitra, dia avy taiza io ratsy io? Ny zavatra

voalohany rehefa teraka izy, dia nankahala izy, mpamono olona iray izy, nialona izy. Ary ankehitriny dia alaivo ny natioran'ny dadany, ilay fanombohana tany amin'ny voalohany mihitsy, Losifera, ary izy tany amin'ny voalohany dia . . . nialona an'i Mikaela izy, izany no nanomboka an'ilay olana manontolo. Firy no mahafantatra an'izany? Ary Kaina no natioran'ny rainy, satria nialona ny rahalahiny izy ka namono azy. Io madio . . . io natiora io dia tsy mety ho firazanana madio. Izany dia avy . . . tsy maintsy avy amin'io firazanana simba io. Ary mariho i Kaina, vantany vao teraka izy.

¹⁹¹ Ary avy eo dia teraka taoriany i Abela, tamin'izay fotoana izay dia nitoe-jaza avy tamin'i Adama izy, ary izy nahalala—nahalala azy ka niteraka an'ilay Abela zanaka. Ary Abela dia tandindona iray an'i Kristy; ary rehefa—rehefa novonoina i Abela, dia i Seta no naka ny toerany; fahafatesana, fandevenana, ary fitsanganan'i Kristy, ao amin'ny tandindona.

¹⁹² Fa, ankehitriny, nanompo i Kaina; ny asany ara-nofo rehetra, tahaka an'ilay fiangonana ara-nofo amin'izao andro izao fotsiny: mandeha any am-piangonana izy ireo, manompo izy ireo. Nanompo i Kaina; tsy tsi-mahatoky iray izy, tsy kominista iray izy. Mpino iray i Kaina; nanatona an'Andriamanitra izy, nanorina alitara iray izy. Nanao ny zavatra ara-pivavahana rehetra izay nataon'i Abela izy, saingy tsy nanana ny fanambarana ara-panahin'ny sitrapon'Andriamanitra. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Eo ianareo izao. Hitanareo ve Izany? Tsy nanana ny fanambarana ara-panahy izy, ary izany ilay olana amin'ny fiangonana amin'izao andro izao. Ary Jesosy no nilaza fa hanorina Ny Fiangonany eo amin'izany fanambarana ara-panahy izany Izy. Azonareo ve Izany? Oh, oadray, afaka manomboka misokatra ny masonareo ankehitriny. Hitanareo, ny fanambarana ara-panahy.

¹⁹³ Tonga i Kaina: nanorina alitara iray izy, nanompo izy, nitondra fanatitra izy, nandohalika izy, nidera an'Andriamanitra izy, nanompo an'Andriamanitra izy, nanao ny zavatra ara-pivavahana rehetra izay nataon'i Abela izy. Nefa nandà azy ankitsirano Andriamanitra satria tsy nanana ny fanambarana ara-panahy izy!

¹⁹⁴ Araho io laharana iray ihany an'i Kaina io: hatrany amin'ilay sambofiara mihitsy, manomboka any amin'ny sambofiara ka hatrany Isiraely, avy amin'ny Isiraely hatrany amin'i Jesosy, ary hatrany amin'i Jesosy hatramin'izao andro izao; dia jereo raha io fiangonana ara-nofo, mpanara-pototra, henjana sy mady io, avara-pianarana, ny tiako lazaina dia ireo lehilahy izay manana ny soratra, izay mahafantatra ny foto-pampianarana rehetra sy ny teolojia, afaka manazava an'izany izy ireo, ry tovolahy, tahaka [Manapoapoaka ny rantsan-tanany Rahalahy Branham—Mpand.] an'izao fotsiny, saingy tsy

manana fanambarana ara-panahy! Marina izany. Izany no foto-pampianaran'i Kaina.

¹⁹⁵ Hoy ny Baiboly hoe, “Loza ho azy ireo! satria nanaraka ny foto-pampianaran'i Kaina izy ireo, niditra tao amin'ny fahadisoan'i Balama, ary levona tao amin'ny fiodinan'i Kora.” Ilay Boky iray ihany, Joda, hoy izy hoe, “Voalahatra ho amin'izany fanamelohana izany izy ireo.” Izany tokoa, izy ireo. Hitanareo? Inona i Balama? Eveka iray izy. Izy no teo ambonin'ny fiangonana rehetra. Nandeha teo izy ara-pototra mihitsy arak'izay naha-izy azy. Izy dia nanolotra...Jereo izy mitsangana eo tao amin'ilay olo-malaza, nitsangana tao amin'ireo olo-malazan'izy ireo lehibe. Ary tsy tsi-mahatoky izy ireo, mpino izy ireo.

¹⁹⁶ Io—io fokon'i Moaba io dia avy tamin'ny zanakavavin'i Lota. Lota izay niaina...Ny zanakavavin'i Lota izay niaina niaraka tamin'ny rainy, ka nitoe-jaza ary niteraka zaza iray, ary io zaza io dia...nipoiran'ny fokon'i Moaba. Ary anaram-piangonana malaza iray izy ireo. Olona malaza, mihaingo, ary nanana andriana sy mpanjaka ary olo-malaza izy ireo. Nanana eveka sy kardinaly sy ny sisa izy ireo.

¹⁹⁷ Ary indro tonga ny andiana holy rollers iray, ilay vondrona hafa, Isiraely; andiany ratsy kely izay tsy nanana anaram-piangonana, niraisan'ny anaram-piangonana. Ary nanao ny zavatra rehetra azo atao sy azo heverina izy ireo, ratsy ihany koa. Saingy ilay izy dia, nanana ny fanambarana ara-panahy izy ireo, ary niaraka tamin'izy ireo tao amin'ny Andry Afo iray Andriamanitra.

¹⁹⁸ Oh, izaho—fantatro fa nanana an'ireo zavatra ara-nofy izy ireo, ka hoy ny olona hoe, “Ny andiana tara tahaka an'io, tsy misy na inona na inona atao afa-tsy ny mandroaka azy ireo.” Saingy nanana ny fanambarana ara-panahy izy ireo, ary nanana Vatolampy nokapohina iray, nanana menarana varahina iray izy ireo, nanana Andry Afo iray izy ireo nandeha niaraka taminy. Haleloia! Fantatro fa ianareo—mihevitra ianareo fa taitaitra aho, saingy tsy taitaitra aho. Mahatsapa ho tsara fotsiny aho.

¹⁹⁹ Mariho! Rehefa mieritreritra aho hoe, “Io Andriamanitra io ihany, androany, no miaina miaraka amintsika.” Mbola ny fanambarana ara-panahin'ny Teny foana izany. Izany tokoa, izany izy. Izany dia marina Mandrakizay. Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo! Eny, tempoko.

²⁰⁰ Indro izy nitsangana teo, ilay mpanara-pototra; ireo andiana Batista sy Presbyterana dia nitsangana teo amin'ilay havoana, ary nitondra ny evekan'izy ireo teo. Ary tena mpivavaka mihitsy izy ireo, ary ilay karazana fivavahana iray ihany, nanompo an'ilay Andriamanitra iray ihany izy ireo. Hoy izy ireo hoe, “Jereo io andiana fako ery ambany ery io. Nahoana, tsy manana

anaram-piangonana iray akory aza izy ireo. Tsy misy afa-tsy andiana holy rollers migagàka, midridrodrido, izy ireo.”

²⁰¹ Marina ve izany? Marina tokoa, izany izy ireo. Raha tsy mino ianareo fa holy rollers izy ireo, dia miverena ao amin’ny Genesisy dia jereo rehefa niampita izy ireo. Ary niseho ny fahagagana iray, dia nandramby amponga tapaka iray i Miriama ka nidina teny amin’ny morona, nively an’izany; nandihy tao amin’ny Fanahy, ary i Mosesy nihira tao amin’ny Fanahy. Raha tsy izany no andiany iray amin’izay nantsointsika hoe afaka . . . holy rollers, dia tsy fantatro hoe inona izany; nihira sy nitsambikina ary nidera. Ary nankahala azy ireo isan’andro ireo firenena, saingy Andriamanitra no niaraka tamin’izy ireo. Nanana ny fanambarana ara-panahy izy ireo, izay nanaraka an’io Andry Afo io.

²⁰² Dia hoy i Moaba hoe, “Ankehitriny, jereo eto. Hiantso an’ireo kardinaly rehetra sy ireo eveka rehetra, ary ireo presbytera rehetra isika, ka hitondra azy ireo eto. Hanao zavatra mikasika an’izany isika, satria firenena mpivavaka isika. Tsy hamela an’io propagandy io hifangaro amin’ny anaram-piangonantsika tsara tarehy isika.”

²⁰³ Ary noho izany dia nentiny teo izy ireo. Ary nanorina alitara roa ambin’ny folo izy ireo; izany marina tokoa no nananan’ny Isiraely, alitara roa ambin’ny folo. Nametraka fanatitra roa ambin’ny folo teo ambonin’izany izy ireo, ombilahy; izany marina tokoa no nananan’ny Isiraely, izay notakian’Andriamanitra. Nametraka ondry roa ambin’ny folo teo ambonin’izany izy ireo, maneho ny fihavian’i Jesosy Kristy Tompo; ondry roa ambin’ny folo teo amin’ireo toerana roa.

²⁰⁴ Ny olo-malaza rehetra, ireo eveka sy ny rehetra, dia nitsangana nanodidina. Narehitr’izy ireo ilay fanatitra. Nivavaka izy ireo, nanangana ny tany tamin’i Jehovah izy ireo ka nanao hoe, “Jehovah, henoy izahay!” Inona no noezahan’izy ireo natao? Ary ilay Balama antitr’izy ireo dia nandroso tahaka an’izao, ary nidina teo aminy ny Fanahy. Azo antoka (saingy ara-nofy iray izy).

²⁰⁵ Afaka milatsaka eo amin’ny mpihatsaravelatsihy iray ny Fanahy, hoy ny Baiboly. Efa nandre ahy nampianatra an’izany ianareo, ankehitriny. “Ny ranonorana dia milatsaka eo amin’ny marina sy ny tsy marina.” Fa tsy maintsy mitaha amin’ny Teny izany, eo no ahitanareo azy.

²⁰⁶ Avy eo rehefa nanao izy, ary ny . . . rehefa ny Fanahy, kosa, teo aminy dia niteny ny Fahamarinana, niezaka nanozona an’Isiraely izy, nefa nitso-drano an’Isiraely.

²⁰⁷ Ankehitriny, raha fiangonana iray tsara tarehy fotsiny no hajain’Andriamanitra, sy eveka tsara iray, ary pasitera mahafinaritra, andian’olona avara-pianarana, dia voatery nanaiky an’io fanatitra io Izy, satria marina ara-

pototra mihitsy tahaka an'Isiraely marina izy; saingy tsy nanana ny fanambarana ara-panahin'ny Teny sy ny sitrapon'Andriamanitra izy. Eo ianareo izao, izany ilay fahasamihafana amin'izao andro izao.

208 Jereo Jesosy. Hoy izy ireo hoe, “Ialao io zalahy io. Fantatsika fa Samaritana izy. Adala izy. Ianao ve no hampianatra anay? Eny, teraka tao anatin'ny fijangajangana ianao. Tsy misy afa-tsy zaza tsy ara-dalàna no nahatongavanao. Iza no dadanao? Milaza fa Andriamanitra no rainao, mpiteny ratsy ianao! Nahoana, ianao ve no hiteny aminay? Efa mpitory teny izahay, efa eveka izahay; hatrany amin'ny rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-rain'ny-raibenay dia mpitory teny sy eveka. Teraka sy notezaina tao amin'ny fiangonana izahay. Efa nandalo an'ireo seminera ambony indrindra izahay. Fantatray amin'ny antsipiriany ny Teny. Nefa ianao ve no miezaka hampianatra anay? Taiza ny sekoly mba nandehananao? Taiza no nahazoanao an'izany fianarana izany?”

209 Hoy Izy hoe, “Ianareo dia avy amin'ny... devoly rainareo,” hoy Jesosy.

210 Tsy nanana famantarana sy fahagagana izy ireo teo anivon'izy ireo. Tsy nanana fanasitranana avy tamin'Andriamanitra sy ny sisa izy ireo teo anivon'izy ireo. Tsy nanana tso-drano izy ireo teo anivon'izy ireo. Fa Jesosy no fanambarana ara-panahy tanteraka tokoa an'ny Soratra.

211 Hoy izy ireo hoe, “Nahoana, izao no voasoratra hoe *izao-sy-izao*.”

212 Dia hoy Jesosy hoe, “Eny, fa izao koa no voasoratra.” Fa Andriamanitra dia manamarina ny Olony amin'ny alàlan'ny famantarany.

213 Nilaza an'ilay zavatra iray ihany i Petera, ao amin'ny Asa 2, hoy izy hoe, “Ianareo ry lehilahin'Isiraely; Jesosy avy any Nazareta, Lehilahy nasehon'Andriamanitra teo anivonareo, niaraka tamin'ny famantarana sy fahagagana izay nampanaovin'Andriamanitra Azy teo anatrehanareo, ary araka ny fantatreareo ihany.” (eo ianareo izao) “Izy efa natolotra tamin'ny...araka ny faha-...araka ny Filan-kevitra ny Synedriona goavana eto. Fa tamin'ny fahalalan'Andriamanitra mialoha, dia Andriamanitra no nanendry Azy mialoha ho faty amin'izao fahafatesana izao. Ianareo no nanolotra Azy tamin'ny tànan'ny olon-doza sy ratsy fanahy. Ianareo no nanohombo an'ilay Andrian'ny Fiainana, Izay natsangan'Andriamanitra. Ary vavolombelon'izany izahay.”

214 Fioo, mpitory teny iray toy ny inona! Tsy...tsy afaka nanasonia ny anarany manokana akory aza izy, saingy nahafantatra an'Andriamanitra. Nilaza izy ireo fa izy ireo dia “nahalala azy fa efa niaraka tamin'i Jesosy izy.” Izany tokoa,

fanambarana ara-panahy iray izany. Oh, oadray. Ankehitriny, eo ianareo izao.

²¹⁵ Tao amin'io laharana io mihitsy i Kaina, io fiangonana ara-nofa io dia ao amin'io laharana iray io ihany amin'izao andro izao. Ilay Fiangonana Ara-panahy dia mbola manana ny Andry Afo foana, mbola manana an'ireo famantarana foana, ireo fahagagana, mbola manana an'ilay Kristy tsy miova foana; izay manamarina hatrany amin'ilay zanak'ondry teo ampahafatesana, ary tao amin'ny sahan'i Edena, ka hatramin'ny Fihaviana faharoa an'ilay Zanak'ondry. Tanteraka tokoa, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

²¹⁶ Ary io laharan'i Kaina io, mpivavaka sy mamiratra ary avara-pianarana io, mitovy hatrany; mitovy mihitsy, mitovy mihitsy isan'andro. Mpitsikera sy mpanenjika, tahaka an'i Kaina tamin'i Abela, dia toy izany koa izy ireo amin'izao andro izao, ary efa izany sy ho izany foana; ara-nofa, tsi-mpino. Marina izany.

²¹⁷ Ankehitriny Genesisy 3:8, ary napetrako koa ny 20 eto, izay nojereko vao teo:

Ary Adama niantso...Ary Adama niantso ny vadiny...Eva; satria izy no renin'ny olombelona rehetra. (hitanareo, io dia taorian'ny nisehoan'io famitahana io)

²¹⁸ Kaina dia... “Andraso ankehitriny!” Hoy ianareo, “Ahoana no ahafahan'ny bibilava iray, menarana iray?”

²¹⁹ Fa, rahalahy, diniho eto, tsy milaza ny Baiboly hoe izy dia menarana iray; hoy ny Baiboly hoe, “Izy dia fetsy indrindra amin'ny biby rehetra an'ny saha.” Tsy biby mandady iray izy, biby izy. Izy dia...Ary teo...

²²⁰ Ary mamelà ahy hanome fotsiny anareo an'ity ho famantarana kely eo amintsika, raha sitrakareo. Eo no mampikorontana tanteraka ny siansa. Ny zavatra akaiky indrindra amin'ny olona izay azon'izy ireo hita, dia ny rajako. Firy no mahafantatra an'izany? Fa misy zavatra iray eo anelanelany eo. Tsy afaka hanao ny taolan'ny rajako hifanaraka amin'ny taolan'olona izy ireo, kanefa izany ilay zavatra akaiky indrindra. Afaka mitondra azy eo amin'ny atodin-tсахona iray izy ireo. Afaka mitondra azy eo amin'ny atodin-tсахobakaka iray izy ireo. Afaka mitondra azy eo amin'ny biby sy ny biby rehetra izy ireo. Afaka mitondra azy eo amin'ny bera iray izy ireo. Alaivo ny bera iray ka esory ny hodiny, tahaka ny vehivavy kely iray izy. Mitovy mihitsy. Alaivo ny lamosiny sy ny sisa, atsangano eo izy ireo, ary mandehana tariho eo ilay vehivavy tahaka...atsangano ilay vehivavy tahaka an'izao. Mitovy mihitsy tahaka ny—tahaka ny—tahaka ny bera iray ilay izy. Mandroso mitovy ilay tongotra, ary mandroso tahaka an'izao ilay tânana, tahaka ny olombelona iray mihitsy. Fa ny rajako

iray no lasa akaiky kokoa noho izany. Izany dia saiky, saingy tsy afaka mahita an'izany izy ireo.

221 Ity ilay tsiambaratelo kely, raha te-hahafantatra an'izany ianareo. Fantatrareo ve hoe aiza no misy an'izany? Nafenina tamin'izy ireo izany. Afaka mangady an'ireo taolana rehetra izay tiany angadiana izy ireo. Afaka mangady izy ireo... Afaka mangady ireo mpisokitra, sy ny siansa, ary ny ary ny mpahay ny daty ara-tantara dia afaka mandrefy ny refimpotoana miaraka amin'ny fandrefesana atomika, fa tsy hahazo an'izany mihitsy izy ireo. Satria izany ilay menarana izay nitovy kokoa tamin'ny olona noho ny zavatra hafa rehetra izay teto antany, ary nanozona azy Andriamanitra ka nametraka azy ho eo amin'ny kibony, dia nivadika avy hatrany ho bibilava tsy nisy fitoviana tamin'ny olona iray izy. Ankehitriny dia haory fotsiny ny lohanareo, ireo siantifika, ka aoka izy ireo handray an'izany vetivety.

222 Saingy ny Baiboly dia manambara fa, "Izy dia fetsy indrindra amin'ny biby rehetra an'ny saha." Marina izany. Izy ilay fitohizana izay mitsangana eo anelanelan'ny olona sy ny rajako, ary nanozona azy Andriamanitra ka nametraka azy avy hatrany ho eo amin'ny kibony noho ilay—ilay zavatra izay nataony. Namitaka an'io vehivavy io izy, ka niteraka ny zanany voalohany dia i Kaina, araka ny natioran'ny tsindrimandrin'ilay menarana manokana, ny devoly, izay niditra tao amin'ilay menarana, izay nanao an'izany.

223 Ary avy eo dia nitoe-jaza izy ka niteraka, nitoe-jaza indray izy rehefa avy voafitaka. Diniho ankehitriny, namitaka izy, izy dia saiky... Eny, nanao ratsy izy. Fa izy, ara-bakiteny, dia ara-dalàna rehefa nitoe-jaza tamin'ny vadiny, satria izany dia mety efa betsaka, imbetsaka taorian'izany, volana maro sy andro maro taorian'izany; tsy afaka miteny an'izany ianareo, tsy mahafantatra isika, saingy niteraka tamin'i Adama izy.

224 Ary nisy olona iray mihitsy aza nanana fanontaniana, nanao hoe, "Eny, ilay zanaka... izy no nilaza fa izy dia... Vao teraka i Kaina, dia nilaza izy fa izy 'dia nahazo zanakalahy avy tamin'ny Tompo.'" Tanteraka tokoa, izany tokoa, tsy maintsy ho izay ilay izy. Izany no lalàn'ny natiora. Tahaka an'izany marina tokoa ianareo androany. Rehefa teraka ianareo, dia tsy midina fotsiny Andriamanitra ka manao anareo. Taranaka avy amin'ny rainareo sy ny reninareo ianareo. Ary ianareo dia ho... hisy ny... ny zanakareo dia ho taranaka avy aminareo. Famokarana indray isan'andro izany, mitohy foana, tahaka ny hazo misy voa sy ny sisa tahaka an'izany; saingy avy amin'ilay tany amboalohany. Manantena aho fa izany no manazava an'ilay izy.

225 Fotoana firy no ananantsika? Tsy manana intsony. Henoy ity anankiray tsara ity ho an'ny manaraka... izay halaintsika amin'ny Alahady: "Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa

antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray...” (Tiantsika ho fantatra izany.) “. . . Kristy.” Tamin'ny fotoana . . . Ankehitriny, dia heveriko fa hanangona soratra vitsivitsy aho, soratra tsara eo amin'izany [Mamaly an'izany Rahalahy Branham ao amin'ny Fizarana II, andalana 361, amin'ny fanontaniana 60—Mpand.]

²²⁶ Ity misy anankiray tsara, tahaka fotsiny . . . Hiaritra amiko iray na roa minitra amboniny fotsiny ve ianareo, mba hamaliana an'ity? Afaka mamaly ny tenany izany.

59. Rehefa—rehefa milaza ianao hoe “ny ratsy fanahy dia tsy hodorana Mandrakizay,” . . . (Eny, ankehitriny dia nanao ny Vavolombelon'i Jehovah handositra aho, sa tsy izany?) . . . Rehefa milaza ianao fa ny ratsy fanahy dia tsy hodorana Mandrakizay, ny tianao ho lazaina ve dia ao amin'ny helo sa ao amin'ny farihy afo? Fantatro fa voalaza ao amin'ny Apokalypsy (ny toko faha-20 izany) hoe ny helo dia hatsipy ao amin'ny farihy afo. Raha tsy dorana Mandrakizay izy ireo, amin'izay fotoana izay dia ho lasa inona izy ireo?

²²⁷ Satria vao avy nolazaiko mihitsy izany, rahalahy na ranabavy, na iza ilay izy na iza; lasa levona izy ireo, tsy misy intsony ny amin'izy ireo. Nanana fiandohana iray izy ireo, ary eo izy ireo no mifarana; tsinontsinona intsony izy ireo. Ahoana no . . . mandra-pahoviana izy ireo no hodorana, sarotra tenenina izany. Fa, jereo, misy . . .

²²⁸ Raha afaka mihazona an'izany fotsiny ao an-tsainareo ianareo, hitanareo, dia tena tsotra ilay izy. Tsy misy afa-tsy anankiray ny karazana Fiainana Mandrakizay, ary izany dia avy amin'ny alàlan'Andriamanitra Izy tenany. Ary Andriamanitra irery ihany no Fiainana Mandrakizay. Raha hitady ao amin'ny leksika eto fotsiny ianareo, dia tadiavo ny teny Grika *Zoe*. *Zoe* dia “Fiainana Mandrakizay.” *Fiainana Mandrakizay* dia “Andriamanitra.” Ary hoy Jesosy hoe, “Izaho no hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay.” Ary raha hijery eto amin'ny leksika ianareo, dia izao no voalaza hoe, “*Zoe*.” Izany no Fiainana Mandrakizay tokana izay misy. Tsy misy toerana ao amin'ny Baiboly izay hany ilazany fa hisy helo Mandrakizay, izao no voalaza hoe izy ireo dia hodorana “mandrakizay sy mandrakizay [forever and ever.—Mpand.]”

²²⁹ Ankehitriny, mba ahitana ny teny hoe “mandrakizay” [“forever”—Mpand.] dia jereo ny *aeon—aeon*. Efa nanamarika an'izany ve ianareo eto amin'ny Baiboly eto? Firy no efa mba nandre fa izao no voalaza hoe, “Ary aeons sy ae- . . .”? Firy no mahafantatra fa *aeon* dia “elanelam-potoana iray”? Nahoana, azo antoka, ny olona rehetra dia mahafantatra fa *aeon* dia “elanelam-potoana iray.”

²³⁰ “Ary izy ireo dia hodorana mandritry ny aeons,” izany hoe elanelam-potoana. “Atsipy ao amin'ny farihy afo, ka hodorana mandritry ny aeons.” *Aeons* dia midika hoe ireo “elanelam-

potoana.” Mety hodorana mandritry ny zato tapitrisa taona ao amin'ny fampijaliana izy ireo saingy, farany, dia tsy maintsy tonga eo amin'ny fiafarana iray; mba ho levona, manontolo. Hitanareo, satria ny zavatra rehetra izay tsy tanteraka dia ilay nosimbaina avy amin'ilay Tanteraka; ary nanana fiandohana iray izany, noho izany dia tsy maintsy manana fiafarana iray izany.

²³¹ Fa isika izay mino an'i Jesosy Kristy Tompo no manana *Zoe*, “Fiainan'Andriamanitra Manokana” ao anatintsika, ka manana Fiainana Mandrakizay. Tsy manana fiainana mandrakizay sy mandrakizay [forever and ever—Mpand.], ilay mpanota no manana fiainana mandrakizay sy mandrakizay [forever and ever], fa isika dia manana “Fiainana Mandrakizay [Eternal].”

²³² Rahalahy Cox, vao tsy ela akory izay, dia nipetraka teo amin'ny lâlantsarako talohan'ny nametrahanay ny . . . rehefa avy nametraka an'ireo vato teo izahay, ary naka taolam-biby kely, tranainy iray izy, ka hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, firy taona ity?”

²³³ “Oh,” hoy aho, “araka ny daty ara-tantara, dia mety hilaza ianao fa iray alina taona izy. Karazana trozon-dranomasina kely, tranainy izay velona tamin'ny fotoana iray, bibin-dranomasina kely, mety velona tany amin'ireo taona lasa tany aoriana.”

²³⁴ Hoy izy hoe, “Eritrereto fotsiny hoe fohy toy ny ahoana ny fiainan'olombelona mitaha amin'ity fiainana ity.”

²³⁵ Hoy aho hoe, “Oh, saingy, rahalahy, iny zavatra iny dia manana fiafarana iray, fa ny Fiainana izay ananantsika ao amin'i Kristy dia tsy manana fiafarana. Iny dia mety niaina *mandrakizay* [forevers—Mpand.] roa na telo, fa tsy hanana Fiainana Mandrakizay [Eternal] mihitsy izy, satria ny Fiainana Mandrakizay dia avy amin'Andriamanitra irery ihany.”

²³⁶ Mandrakizay [Eternal—Mpand.], “Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay ka tsy ho tonga MIHITSY amin'ny fitsarana fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana.” Eo ianareo izao, manana Fiainana Mandrakizay ianareo amin'ny mahampino iray. Ny tsi-mpino iray dia manana fiainana mandrakizay [forever]. Mandrakizay [Eternal] iray . . . ny mpino iray dia manana Fiainana Mandrakizay, ka tsy mety ho levona satria Mandrakizay Izany.

²³⁷ Fa ny mpino iray, izy dia handeha . . . Ny tsi-mpino iray dia handeha manerana an'izao tontolo izao, hanana fahoriana izy, loza; izay antsoiny hoe manana fotoana goavana, “hooopy, manana fotoana goavana iray.” Ireo vehivavy, divay, sy fotoana goavana, dia mihevitra izy fa hanohy. Ho faty izy, handeha ao amin'ny farihy afo iray sy solifara izay mirehitra izy, ka ny firehetany dia hitohy mandrakizay sy mandrakizay [forever and forever—Mpand.], ary angamba mandritry ny zato tapitrisa

taona dia mety hampijaliana ao amin'ny farihy afo sy solifara ny fanahiny.

²³⁸ Izaho... Hoy ianareo hoe, “Hitovy amin'ny solifara mahazatra ve izany?” Mino aho fa ho iray tapitrisa ratsy lavitra noho izany ilay izy. Mino aho fa tsy afaka hanao sary an'izany amin'ny afo ianareo, amin'ny afo iray ara-bakiteny. Ny antony tokana nanaovana azy hoe “amin'ny afo,” dia ny afo no zavatra mandevona indrindra izay ananantsika. Mandevona sy mandrava tanteraka ny zavatra rehetra tokoa izy, izany no ataon'ny afo. Eny, noho izany, ho ao izany, saingy ianareo dia hanana fanahy iray izay tsy maintsy ho saziana amin'ny alàlan'ny karazana iray. . .

²³⁹ Ankehitriny, tsy maintsy mitandrina ianareo amin'ny teny hoe *afo*, satria ny Fanahy Masina dia nampiasaina hoe “ny Fanahy Masina sy ny afo”; satria ny afon'ny Fanahy Masina no mandoro ny ota, hitanareo, sy manadio.

²⁴⁰ Fa *ity* afo ity, dia avy amin'ny helo, izy dia voalaza fa “farihy afo.” Ary na inona na inona ilay izy, dia famaizana iray miaraka amin'ny fampijaliana izany. Nanandratra ny masony ilay mpanan-karena, izay tao amin'ny helo, ka nanao hoe, “Iraho miaraka amin'ny rano kely eo amin'ny rantsan-tànany i Lazarosy, mba apetraka eo amin'ny molotro, fa mampijaly ahy loatra ireto lelan'afo ireto.” Aza mihevitra fa tsy misy ny helo mandoro iray, ary ny helo iray ara-bakiteny, dia misy. Raha misy ny devoly iray ara-bakiteny, dia misy ny helo iray ara-bakiteny.

²⁴¹ Fa, hitanareo, ny zavatra rehetra izay simba dia manana fiafarana iray izy, satria tsy maintsy miverina ao amin'io fahadiovana sy fahasinan'Andriamanitra io izany amin'ny farany. Ary Andriamanitra dia Mandrakizay; ka raha manana Fiainana Mandrakizay isika, dia ao anatintsika Andriamanitra, ary tsy mety maty intsony tahaka an'Andriamanitra tsy mety maty isika. Eo ianareo izao.

²⁴² Ankehitriny, ilay lahateny dia manazava marina tokoa ny Tenany, hitanareo, ary manao an'ilay izy marina. Ankehitriny, ndao isika hijery, izaho dia nanana ny... tsy fantatro raha... Eny:

“Ho inona — ho lasa inona izy ireo?”

²⁴³ Lasa levona izy ireo, tsy misy intsony ny amin'izy ireo: lasa ny aina, lasa ny fanahy, lasa ny fiainana, lasa ny vatana, lasa ny eritreritra, lasa ny fahatsiarovana.

²⁴⁴ Ary tsy hisy eritreritra ny amin'ny ratsy intsony akory aza, na hoe efa mba, mba nitranga izany, ao amin'ny Voninahitra. Marina izany, izany rehetra izany dia ho... Azonareo eritreretina ve, fa hisy olona eto amin'ity ampahany eto ity...?

245 Tsy nilaza ve ny Baiboly hoe, “Na dia ireo fisainan’ny ratsy fanahy aza dia ho levona?” Ireo tena fisainana ny amin’izany mihitsy dia ho levona.

246 Hisy lehilahy iray *eto*, indro Andriamanitra ilay Anankiray Masina Lehibe *eto*, ary mahafantatra fa misy hantsana iray mihitsy miaraka amin’ireo mirehitra ao anatin’ny? Nahoana, tsy mety ho ny Lanitra izany. Ireo tena fisainana mihitsy, ilay tena fahatsiarovana mihitsy, ny zavatra rehetra izay nosimbaina, ny fisainan-dratsy rehetra, ny zavatra rehetra dia ho levona, ary ny zavatra izay ratsy rehetra ao anatin’izany. Ary tsy hisy afa-tsy fahadiovana isika, miaraka amin’ny *Zoe*, ilay Fiainan’Andriamanitra; ho amin’ny Mandrakizay, ary ho an’ny taona mitohy, sy mitohy, sy mitohy, sy mitohy, ary mitohy; tsy hifarana mihitsy Izany, ho Mandrakizay!

247 “Nandeha nankao ao amin’ny fampijaliana *mandrakizay* [everlasting—Mpand.] izy ireo, fa ny marina nankao amin’ny Fiainana Mandrakizay [Eternal].” Azonareo ve ilay izy? Fampijaliana *mandrakizay* [everlasting], Fiainana Mandrakizay [Eternal], fahasamihafana iray toy ny inona.

248 Ankehitriny, hitanareo, izany tsy . . . Ankehitriny, fantatro, ho anareo, ry tanora kely malalako, izaho—tsy tiako ny miezaka mampiseho ny tenako ho mahay ny rehetra iray. Raha manao an’izany aho, . . .

249 Ankehitriny, mbola manana fanontaniana telo na efatra amboniny aho. Halaiko izy ireo amin’ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo.

250 Ankehitriny, jereo. Hitanareo, ireto fanontaniana mipoitra ireto. Mpitory teny antitra iray aho. Izaho—izaho—izaho—enina amby roapolo taona tao amin’ny asam-panompoana aho. Ary izaho—tena mankasitraka aho ny amin’ity, fa afaka milaza an’izao aho, ny . . . Tsy niezaka ny haneho zavatra iray mihitsy aho teo amin’ny fiainako raha tsy voambara aloha izany. Ary tena mankasitraka aho fa ilay Anjelin’ny Tompo . . . Fa tsy nanana fahaizana aho, tsy nanana fahaiza-manao. Fa nidina io Anjely io, ary efa fanampiana ho ahy nirahina avy tamin’Andriamanitra. Ary tsy niteny tamiko zavatra iray mihitsy Izy afa-tsy izay mitovy tanteraka tokoa manomboka amin’ny Genesisy ka hatrany amin’ny Apokalypsy niaraka tamin’izany, hany ka . . . Naka naoty haingana aho rehefa hoy Izy hoe “Ary ianao—ary ianao dia hitondra fanomezam-pahasoavana iray an’ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra.” Ary noraisiko naoty arak’izay Nilazany azy fotsiny izany.

251 Ary teo amin’ny telo taona taty aoriana, ilay mpikarakara ahy no nitarika ny—ny fifantohako ho amin’izany, nanao hoe, “Rahalahy Branham, efa voamarikao ve izany? Tena tanteraka izany hany Izy ka niteny taminao hoe ‘fanomezam-pahasoavana iray.’”

²⁵² Hitanareo, tsy nilaza mihitsy hoe “ilay fanomezam-pahasoavana.” Ary ny tsirairay—ny tsirairay avy ao amin’ny Baiboly...ny fanomezam-pahasoavana tsirairay dia “ny fanomezam-pahasoavana” afa-tsy ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra, ary izany dia “fanomezam-pahasoavana iray.” Izany dia “ireo fanomezam-pahasoavan’ny fanasitranana.” Afaka manana an’ireo karazana fanomezam-pahasoavana rehetra ianareo, ireo fomba samihafa. Fa, ny tsirairay hafa dia “ilay fanomezam-pahasoavana”: “ilay” fanomezam-pahasoavan’ny faminaniana, “ilay” fanomezam-pahasoavan’ity. Fa ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra dia maro hoe: “ireo fanomezam-pahasoavana.” Ary tsy nanamarika an’izany mihitsy aho, fa tena tanteraka ny Fanahy Masina. Oh, isaorana anie ny Tompo!

²⁵³ Azonareo fa ilay Fanahy Masina iray ihany izay nanoratra an’ity Baiboly ity, tamin’ny alàlan’ny lehilahy an-jatony, an-jato taonany nisaratsaraka... nefa tsy nisy anankiray tamin’izy ireo nihodina ny iray niala tamin’ilay hafa, ny tsirairay avy tamin’izy ireo dia feno; nefa ny anankiray tsy nandre an’ilay iray hafa mihitsy akory aza.

²⁵⁴ Ary lasa i Paoly, ka tany Arabia, ary tsy nitsidika an’i Jerosalema mihitsy akory aza nandritry ny efatra ambin’ny folo taona, fa tany Jerosalema ary tany...nandeha avy... tsy nandeha tany Jerosalema mihitsy. Fa tany Arabia, ary nanomboka nitory teny, tsy nahita an’i Petera sy ny sisa tamin’izy ireo mihitsy akory aza nandritry ny efatra ambin’ny folo taona. Ary rehefa tonga niaraka izy ireo, dia nitory an’ilay zavatra iray ihany mihitsy: batisan’ny rano amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy, sy ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra, ary ny herin’Andriamanitra.

²⁵⁵ Oh! Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan’izy ireo aho:

Isan’izy ireo, isan’izy ireo aho,
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan’izy ireo aho;
(haleloia)

Isan’izy ireo, isan’izy ireo aho,
Tena faly fotsiny fa afaka milaza hoe isan’izy ireo
aho.

Misy olona saiky hatraiza hatraiza,
Izay mirehitra tanteraka ny fony,
Miaraka amin’io afo izay nilatsaka tamin’ny
Pentekosta io,
Izay nanadio ka nanao azy ireo hadio;
Oh, mirehitra ao anatin’ny foko izany ankehitriny,
Oh, voninahitra ho an’Ny Anarany!
Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan’izy ireo aho.

Niangona tao amin'ny efitra ambony izy ireo,
 Ny rehetra nivavaka tamin'Ny Anarany,
 Vita batisa tamin'ny Fanahy Masina izy ireo,
 Sy ny hery satria tonga ny asa;
 Ankehitriny dia izay Nataony ho azy ireo tamin'io
 andro io
 Dia izany ihany no Hataony ho anao,
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.
 Isan'izy ireo, isan'izy ireo aho,
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho;
 (haleloia)
 Isan'izy ireo, isan'izy ireo,
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

256 Henoy, manana hafatra kely iray ho anareo aho:

Avia, ry rahalahiko, hitady an'io fitahiana io
 Izay hanadio ny fonao ho afaka amin'ny fahotana,
 Ka hanomboka haneno ireo lakolosim-pifaliana
 Ary hihazona ny fanahinao hirehitra;
 Oh, mirehitra ao anatin'ny foko izany ankehitriny,
 Oh, voninahitra ho an'Ny Anarany,
 Tena faly aho fa afaka milaza hoe isan'izy ireo aho.

257 Tsy faly ve ianareo fa isan'izy ireo? Inona izany? Izany no Fanahy izay manambara. Izany no fanambaran'Andriamanitra hoe, "Eo ambonin'ity vatolampy ity." Tsy ahoako raha ny arseveka iray . . .

258 Nipetraka ilay pretra Katolika, vao tsy ela akory izay, tany an-tranoko. Dia hoy izy hoe, "Atoa. Branham, tonga aho hametraka fanontaniana iray aminao."

Hoy aho hoe, "Eny àry, tompoko."

Hoy izy, "Manana taratasy iray aho eto avy tany amin'ny eveka, ho anao."

Hoy aho hoe, "Eny àry, tompoko."

259 Hoy izy hoe, "Ireo fanambarana izay ataonao, hihazona ny tãananao ve ianao ka hianiana am-panajana fa hiteny ny fahamarinana?"

260 Hoy aho hoe, "Tsy hanao aho." Hoy aho hoe, "Ny Baiboly no nilaza hoe, 'Aza mianiana mihitsy, amin'ny lanitra na amin'ny tany (satria Fitoera-tongony izany). Aoka ny eninareo ho tsia na ho eny.' Raha te-handre an'izay tokony ho lazaiko ilay eveka, dia handray ny teniko ho an'izany izy. Raha tsy mandray izy, dia tsy mianiana aho."

261 Io pretra kely eto io ao amin'ny fiangonana Sacré Coeur, hoy izy hoe, "Nanao batisa an'i Pauline Frazier ve ianao tamin'ny daty *izao-sy-izao*?"

262 Hoy aho hoe, “Nanao aho, tompoko, tany amin’ny Renirano Ohio.”

263 Hoy izy, “Toy ny ahoana no nanaovanao batisa azy?”

264 Hoy aho hoe, “Nanao batisa azy tamin’ny fanitrihana azy tao ambanin’ny rano tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy Tompo aho.”

265 Noraisiny naoty izany. Hoy izy, “Fantatrao, tahaka an’izany no nanaovan’ny fiangonana Katolika batisa taloha.”

Hoy aho hoe, “Oviana?”

Hoy izy hoe, “Tany amin’ny taona voalohany.”

Hoy aho hoe, “Taona voalohany inona?”

Hoy izy hoe, “Eny, tany amin’ny fiandohana.”

Hoy aho hoe, “Fiandohana inona?”

Hoy izy hoe, “Ao amin’ny Baiboly.”

Hoy aho hoe, “Ny tianao lazaina ve dia ny voa- . . . tao—tao amin’ireo mpianatra?”

Hoy izy hoe, “Azo antoka.”

Hoy aho hoe, “Ianareo ve miantso an’ireo Katolika, na, ireo—ireo . . . ? Milaza ve ianareo fa Katolika ireo mpianatra?”

Hoy izy hoe, “Azo antoka, izany izy ireo.”

Hoy aho hoe, “Noheveriko fa tsy niova ny fiangonana Katolika?”

Hoy izy hoe, “Tsy miova izy.”

266 Hoy aho hoe, “Noho izany dia nahoana i Petera no nanao hoe, ‘Mibebaha, ary aoka hatao batisa amin’ny Anaran’i Jesosy Kristy’? Nefa ianareo dia milaza fa izany dia . . . fa papa iray izy?”

267 “Hia.”

268 “Noho izany dia nahoana ianareo no manao batisa amin’ny anaran’ny ‘Ray, Zanaka ary Fanahy Masina’? Ary izy nanitrika, fa ianareo mamafy. Ankehitriny dia inona no nitranga?”

269 Hoy izy hoe, “Fa, hitanao,” hoy izy, “ny fiangonana Katolika dia manana fahefana hanao ny zavatra rehetra izay tian’izy ireo.” Hah.

270 Hoy aho hoe, “Nefa ianareo dia niantso an’ireo mpianatra hoe Katolika?”

271 Hoy izy hoe, “Hia.”

272 Hoy aho hoe, “Tompokolahy, manana ny Josephus aho, manana ny *Foxe’s Book of Martyrs* aho, manana ny *Early Ages* an’i Pemberman aho, manana ny *Two Babylons* an’i Hislop aho, ireo tantara tranainy indrindra izay misy eto amin’izao tontolo izao, asehoay ahy ao anatin’ny ao hoe ny fiangonana Katolika no mba nodidiana na mba niditra tao anatin’ny rafi-

pandaminana iray . . . eninjato taona taorian'ny fahafatesan'ilay apostoly farany.”

“Oh,” hoy izy, “mino an'izay lazain'ny fiangonana izahay.”

Hoy aho hoe, “Izaho mino an'izay lazain'ny Baiboly.” Hitanareo?

“Nahoana,” hoy izy, “Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany.”

²⁷³ Hoy aho hoe, “Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny.” Ary hoy aho hoe, “Raha . . .” Hoy izy hoe . . . Hoy aho hoe, “Tsy milaza ny Baiboly fa Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany, fa ny Baiboly dia milaza fa Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. ‘Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra; ka nonina teo anivontsika.’” Marina izany. Hoy aho hoe, “Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny.”

²⁷⁴ Lasa izy ary niteny an'izany. Hoy izy hoe, “Eny, tsy afaka hiady hevitra isika,” hoy izy, “satria ianao mino ny Baiboly, izaho mino ny fiangonana.”

²⁷⁵ Hoy aho hoe, “Izaho dia mino fa ny Baiboly dia Tenin'Andriamanitra voatsindrimandry ary tsy misy fifanoherana iray ao anatin'Izany. Ary Izany no Tenin'Andriamanitra, ny Drafiny Mandrakizay ho an'ireo taona manontolo ho avy. Hoy Izy hoe, ‘Ny lanitra sy ny tany ho levona fa Ny Teniko tsy ho levona.’ Marina izany. Mino ny Teny aho.”

²⁷⁶ Lasa nankany amin-dRtoa. Frazier izy. Hoy izy hoe, “Rtoa. Frazier, hanao sonia taratasy iray ve ianao eto hanaiky fa afaka ny ho mambran'ny fiangonana Katolika ny zanakao vavy?”

²⁷⁷ Hoy izy hoe, “Aleoko mandeha miaraka aminy mankany ampasana.”

²⁷⁸ Hoy izy, “Mbà menatra ianao.” Hoy izy, “Tokony hankasitraka ianao fa nivoaka avy tao amin'io fahadalana io ilay zazavavy, nankao amin'ny fiangonana Katolika.”

²⁷⁹ Hoy izy, “Ahoana moa raha ny zanakao vavy no tonga ao amin'ny fiangonako, inona no holazainao mikasika an'izany?”

²⁸⁰ “Oh,” hoy izy, “hafa izany.”

²⁸¹ Hoy izy, “Tsia, tsy hafa izany.” Fantany fa efa tany ho any izy rehefa nandao an'io vehivavy kely teo io. Fantany fa efa tany ho any izy. Hoy izy hoe, “Ankehitriny, misokatra ilay varavarana iray ihany izay nidiranao.”

²⁸² Hitanareo, tahaka an'izany ilay izy. Aza manaiky hitsahina, tsy voatery hanaiky hitsahina ianareo. Raha Andriamanitra no momba anareo, dia iza no afaka hanohitra anareo? Marina! Ny olana amin'ilay izy amin'izao andro izao, dia manana taolan'akohovavy ianareo raha tokony ho taolan-damosina iray. Tohano Andriamanitra sy ny marina!

283 Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nidina teo amin'ireo apostoly ireo ary niverina tao amin'ireo taona, dia mbola ao amin'Ny Fiangonany foana androany, ireo izay nanambaran'Andriamanitra ny Tenany. "Tsy izay maniry, na izay mihazakazaka, fa Andriamanitra izay maneho famindrampo." Izany dia Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny Fifidianany, no mitondra ny olona sy manokatra ny masony. Tsy afaka hahita an'Izany mihitsy ianareo, jamba ianareo, ary tsy afaka hahita mihitsy raha tsy Andriamanitra no manokatra ny fahalalanareo. Ny Baiboly no nilaza fa jamba ianareo, ka tsy afaka mahita. Tsy misy ilainareo hanandrana. Niaraka tamin'ny fahaizana rehetra, ireo fianarana izay mety anananareo, mbola miha-jamba hatrany fotsiny ianareo.

284 Ankehitriny, ianareo Fiangonan'i Kristy eto, ianareo "izay miteny rehefa miteny ny Baiboly, ary mangina rehefa mangina izy," ahoana ny sasany amin'Ity? Mangina mafy tokoa ianareo eo amin'Izany. Marina.

285 Hitanareo, mila Fahamarinana voambara ara-panahy izany. Amin'izay fotoana izay dia midina Andriamanitra ary manambara ny Tenany sy manamarina an'Izany ho ny Fahamarinana. Amena! Tianareo ve Izy? Izaho koa. Amena.

286 Eny àry, te-handray tànana an'ireo Batista ve ianareo Metodista rehetra ankehitriny? Ianareo Presbyterana?

287 "Ankehitriny," hoy ianareo, "Rahalahy Branham, ianao ve manapaka ny fiombonana amin'ireo Batista sy Presbyterana izay tsy manao bat- . . . ?"

288 Tsia, tompoko, tsy manapaka aho. Raisiko ho rahalahiko izy ireo. Tanteraka tokoa! Tsy ahoako na tsy vita batisa mihitsy aza ianareo, raha vita batisa ianareo tamin'ny anaran'ny "ilay Raozin'i Sarena, ny Lisin'ny Lohasaha, ary ny Kintan'ny Maraina," izany dia tsy ho . . . izany dia tsara fotsiny tahaka ny "Ray, Zanaka, Fanahy Masina." Titra telo fotsiny. Izy no Raozin'i Sarena. Izany ve Izy? Ny Lisin'ny Lohasaha, ny Kintan'ny Maraina, ireo rehetra ireo. Azo antoka, izany Izy. Zavatra iray na iray hafa fotsiny. Fa ity ilay izy: ny fanao marin'ny Soratra dia amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Raha mila fanao ara-tSoratra ianareo, dia izany marina tokoa. Izany no fanao marina.

289 Ankehitriny, raha natao batisa ianareo tamin'ny anaran'ny "Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina," mahatsapa fa mety tsara izany, amena. Raha izany no valiny iray ho an'Andriamanitra ho an'ny fieritretana madio amin'Andriamanitra, amena. Mandrosoa avy hatrany, hitanareo.

290 Fa raha ny mikasika ahy, raha ny anjarako, raha hanontany ahy ianareo, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tokony haverina hatao batisa ve aho?" Dia hilaza aho hoe, "Eny," ho an'ny anjarako.

291 Tonga teto ny vehivavy kely indray andro, nanao hoe, “Niantso ahy ho mpitory teny iray ny Tompo.” Tsy nino an'izany aho, mihoatra lavitra noho ny tsy inoako fa—fa afaka hitsambikina eny ambonin'ny volana izy. Ary izy . . .

292 Hoy aho hoe, “Eny, tena tsara izany, ranabavy.” Hoy aho hoe, “Manambady ve ianao?”

“Eny.”

“Manana zanaka roa?”

“Hia.”

Hoy aho hoe, “Inona no . . . ? Voavonjy ve ny vadinao?”

“Tsia.”

Hoy aho hoe, “Inona no hataonao aminy?”

“Hamela azy ao an-trano.”

293 Hoy aho hoe, “Izany ilay fandrika tsara indrindra izay hany nananan'ny devoly. Vehivavy iray tsara tarehy ianao eo ampanombohana, ka raha hitsofoka ao amin'ny saha ianao eto, dia ho fandrika tsotra iray ianao ary ho fikendrin'ny devoly. Ary ny vadinao, any an-trano, lehilahy tanora iray, nefa ianao hamela azy miaraka amin'ny zanaka roa; hanomboka hihodinkodina miaraka amin'ny vehivavy hafa iray izy, ary ireo ankizy dia hanana dada anankiray hafa indray andro any.” Hoy aho hoe, “Ny voalohany, raha niantso vehivavy iray Andriamanitra, dia nanohitra Ny Teniny Izy.” Hoy aho hoe, “Ankehitriny, raha izay no tianao, dia mety tsara daholo izany.” Hoy aho hoe, “Ankehitriny, ny famantarana, ianao dia milaza fa nanome famantarana ho anao ny Tompo. Tianao ve ny handeha, eo amin'ny lampihazo, ka hanandrana an'izany?”

294 Hoy izy hoe, “Eny.” Dia hitanareo izay nitranga.

295 Hitanareo, hafanam-po izany. Tsy maintsy tonga eo amin'ny Teny izany. Raha tsy ao amin'ny Teny izany, amin'izay fotoana izay dia tsy marina ilay izy. Tsy ahoako na inona ireo fientanampinareo, tsy marina ilay izy. Amena! Maneno tsara izany. Amena!

296 Eny àry:

Handeha ao amin'ny hazavana isika, tena
hazavana tsara tarehy,
Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny
famindrampo;
Mamiratra manodidina antsika rehetra andro
aman'alina,
Jesosy, ilay hazavan'izao tontolo izao.

Ianareo olo-masin'ny hazavana rehetra ambarao,
 Jesosy, ilay hazavan'izao tontolo izao;
 Amin'izay fotoana izay dia haneno ireo
 lakolosin'ny Lanitra,
 Jesosy, ilay hazavan'izao tontolo izao.

Handeha ao amin'ny hazavana isika, tena
 hazavana tsara tarehy,
 Tonga eo amin'izay misy an'ireo ando . . .
 Mamiratra manodidina antsika rehetra andro
 aman'alina,
 Jesosy, ilay fahazavan'izao . . .

²⁹⁷ Ankehitriny dia tiako hitodika avy hatrany ny tsirairay avy ka handray tãnana, ny lafiny efatra, ny olona ankehitriny, raha mihira an'ity indray isika:

Handeha ao amin'ny hazavana isika, hazavana
 tsara tarehy, (amena)
 Tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny
 famindrampo;
 Mamiratra manodidina antsika rehetra andro
 aman'alina,
 Jesosy, ilay hazavan'izao . . .

²⁹⁸ Tianareo ve ireo Metodista? manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.] Ny Batista? Ny Presbyterana? Ny Katolika? Ny . . . Oh, tianareo ve izy rehetra? manaova "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena"—Mpand.]

Handeha ao amin'ny hazavana isika, tsara tar- . . .
 (mandraisa tãnana, raha mandeha isika)
 Oh, tonga eo amin'izay amiratan'ireo andon'ny
 famindrampo;
 Mamiratra manodidina antsika rehetra andro
 aman'alina,
 Jesosy, ilay hazavan'izao . . .

²⁹⁹ Alohan'ny hihirantsika ny hira fampiravantsika . . . Ankehitriny, mety ho eto indray aho amin'ny Alahady. Ankehitriny, aorian'izany dia tsy hiverina eto intsony aho raha tsy aorian'ny Krismasy. Hitanareo, satria handeha ho any Michigan aho, avy any Michigan ho any Colorado, avy any Colorado ho any Idaho, avy any Idaho hankany California, dia hiverina izahay. Ary mety (tiako ianareo hivavaka ho ahy) ho any Waterloo aho, Iowa, manomboka amin'ny Janoary ny faha-efatra amby roapolo hatramin'ny Febroary ny faharoa. Hitanareo, ilay kianja fiadiana goavana any, vao avy nahazo ny antso aho vao teo, ary manana hatramin'ny Alahady aho mba hivavahana. Hitanareo, any Waterloo, Iowa, izay akaiky ankehitriny.


³⁰⁰ Fa ankehitriny, tsarovy, henoy ny fandaharan'ny radio an'ilay rahalahy amin'ny sivy ora, ny Sabotsy maraina. Hiantso

azy izahay ka hampahafantatra azy. Ary izany dia ho ao amin'ny WLRP, ilay Neville feo efatra amin'ny sivy ora, ny Sabotsy maraina. Izahay dia . . . Raha izaho—tsy afaka handray azy ireo aho, dia Rahalahy Neville no hamarana an'ireo fanontaniana. Sitrakao ve, Rahalahy Neville, ho an'ny Alahady maraina? [Mihomehy Rahalahy Neville ka manao hoe, “Baiko goavana”—Mpand.] Eny, jereo, raha tafiditra ao anatin'ny olana ianao, dia handeha hiaraka aminao aho. Hijery izy. Eny àry.

³⁰¹ Eny àry:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
 Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
 Hanome fifaliana sy fiononana ho anao izany,
 Oh, raiso izany na aiza na aiza alehanao.
 Anarana sarobidy, O tena mamy!
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
 Anarana sarobidy, Anarana sarobidy, O tena
 mamy! Tena mamy!
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

³⁰² Ankehitriny, raha te-hahafantatra Batista iray izay mino ny fihikiakiana ianareo, dia izany no karazana fihikiakiana izay inoako. Ilay reny antitra nipetraka teo mihitsy, ary tonga teo aminy ny Fanahy. Nanomboka niantsoantso izy, tsy afaka nahatazona an'izany izy, nanatona izy ary namihina ny zananivavy. Tahaka an'izany no tiako hahitana an'ilay izy. Amena. Izany no tena fihetseham-po tsara, fanao fahiny, avy amin'ny fo. Oh, oadray, olo-masina antitra iray—antitra iray, matotra, masaka, vonona ny handeha hody any amin'ny Voninahitra. Miandry an'ireo fiantsoana fotsiny, hitanareo, manana fotoana iray mahafinaritra fotsiny.

Eny àry, Rahalahy Neville ankehitriny, na inona na inona tiany hatao. 

FANONTANIANA SY VALINY MIKASIKA
NY HEBREO FIZARANA I MAG57-0925
(Questions And Answers On Hebrews Part I)

ANDIAN'NY FITONDRANA, LAMINA ARY FOTO-PAMPIANARAN'NY FIANGONANA

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy hatrany am-piandohany ny Alarobia hariva, 25 Septambra, 1957, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2018 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org